

**SOLÉA**

BCKA FIANARANA AZA

LESONA VAOVAO

misy

FAMPIASANA MARO

sy

FRA VOAFANTINA

isan-karazany.

R.L.M.



Nataon' i

**CHARLES RASOANAIVO**

Lauréat du Conservatoire  
de Montpellier  
Officier d'Académie  
Professeur de Musique.



Tananarive :  
Imp. L.M.S., Imarivolanitra.  
Fevrier, 1931.

## SASIN-TENY.

Faly tokoa aho raha mangatahin' i M. Rascoanaivo hanao sasin-teny amin' ity fampianarana solfa nataony ity. Vao izao no misy boky mazava hianaranca azy. Firenenen tia hira ny Ma'agasy. Isan' ny zavatra namelona ny fivavahana tamin' ka aza, dia tia ny hira kristiana, ka nampihira tao Anati-Rova ny tondapa anankisofa fa ny Missionera foana no namerimbering imbetaka ny fihiranana ambara-paharain' ny fiangonana sasany mandrak' ankehitiriny. Inona anefa no hevitry raha izao no misy olona manao hoe : « Ny telegrasy tsy misy tariby dia tsy azoazko fa ny misy tariby ihany no hampiasaiko. » ? Toy izany, ny olona izay mbolahaniran-teny foana.

Aoka aho hilaza ny fombanav mpampianatra hira fahiny, na tao Mahazamirindra, na tao amin' ny Normal School, na tao Ambohijatovo : Soratanay amin' ny tablo aloha ny hira izay hampianarina. Dia hiraina solfa, averina in-efatra angaha, dia atao la, la, la... Ary farany vao atao amin' ny tonony. Na dia hira lavalava ny feon' ny mpampianatra rehefa afaka ora iray. Ary anefa tsy dia sasatra

Mampalahelo ahy loatra ny mahita ny fiangonana sasany izay mianatra Antema. Ankizy ampianarina hira ka tanana ao ami-piangonana hatramin' ny sivy alina. Nefo raha mba ampianarina solfa izy, ary soratana amin' ny tablo ny hira ka adikany ary ianarany any an-trano, dia vita moramora ho azy ny raharaha.

Fa angamba ny sasany hilaza hoe : « Ny anay dia ny noty amin' ny tsipika dimy ibany. » Tsy manaratsy ny noty amin' ny tsipika dimy aho akory, sanatria. Tano sy ianaro tsara koa io. Nefo ireo izay sady manatra tsara ny noty no nianatra tsara hira hiraina noho ny noty.

Ny DO amin' ny noty dia tsy mba mivoa; ka rehefa tsy DO no tonique iandohan' ny gama dia tsy mantsy mila *désé* na *bémol* amin' ny gama sisra rehetra. Raha mba izany fomban' ny noty izany anefa no arahina amin' ny solfa dia fahasiranana foana no hita. Ny hahafaka izany fahashiranana izany indrindra no kenboden' ny solfa, ka dia natao mahazo mivoa ny DO, ary ny gama rehetra dia miantomboka amin' ny DO avokoa. Ho hitanareo amin' ity boky ity izany.

Ary hianareo izay mahay noty ka te-hianatra solfa, tsy ho faty antoka akory. Hanjary avo sasaka ny tombon-tsoanareo, satria ny noty sy ny solfa tsy misfamono fa misfamelonka.

Ny rafozako-vavy dia isan'izay nahay nitendry piano indrindra tamin' ny noty, nefo rana nanandrana nihira nanaraka io noty tsy mivoa DO io, dia sahirankirana ihany. Fa izaho, izay tsy mahay mitendry akory dia nahavita miaraka amin' izay, votaktry ny fahalaloko Solfa. Ary na dia ny seo efatra aza dia vita hira indray miaraka ao an-tsaito. Hafaliana moa izany na mijery bokin-kira fotsiny aza, ka « mihira sy mikam-pahanginana no tsara indrindra. BEETHOVEN, mpitendry zava-maneno sy mpamorona mozika kanto indrindra, na dia efa tonga narenina tsy nandre izay ambonin' ny tany intsony aza, dia mbola nandre sy namorona mozika tao an-tsainy. Mivoha midanadana ny varavarana'ny mozika amin' izay mahavaky solfa.

Tsy izany ihany fa misy koa soa lehibe avy aminy ; Raha mbola eo am-pihaino-nonina.

Karany, misy fahadisoana fanao sy mahazatra ny olona raha mihira. Ho voahitsy ihany no idiran' ny hira fa ny varavarana' ny sofina

Koa dia mitsodrano ity boky ity aho. Hahaleo, hahalasa anie!

J. F. RADLEY.  
Isan' ny firenenen tia hira sy mozika ny Malagasy, ary isan' ny mora mahay koa izy noho ny fitiavany azy sy ny toe-tsainy. Na dia tsy nanana izay foto-pampianarana sy lalana tokony hanatsarana azy aza izy dia miseho amin' ny hira fanaonan' ny toe-tsainy izay mampiseho ny fitiavany sy ny faniriana ho tsara. Tsy hainy nosoratana na nomarinhina ny hirany na ny mozikany, ka dia am-bava sy an-tosofina ihany no enti-mamindra azy, ka be no tsy tadidy intsony nony tsy eo na maty ilay nanao azy. Ny fianarana solfa dia isau' izay hahazana hihira tsara ary ahazoana mitana ny efa vita. Efa nahazoan-tsoa be dia be tokoa izy ity na tamin'

ny hiram pivavahana na tamin' ny hafa, nefo mbola vitsy ihany no tena mahay azy, koa ity boky fianarana solfa ity dia voakaly sy voalamina tsara, hampahay mihira sy hahazona manoratra na hanamarina azv, hahatanana sy hanatsarana ny atao. Na dia olona mbola tsy nianatra solfa aza no mandinika sy manaraka tsara ny fampianarana voalaza ao, dia hahita zorony handrosoanv tsara, indrindra fa misy mpampianatra manoro azy tsara, dia tsy ho sarotra aminy ny hahay azy tsara. Tsy izany ihany fa izay mianatra *note amin' ny tsipika* dia hahita fonzavana sasany ao hahamora ny fianarany azy. Kozy ny fandrosoana tsy azo tsy amim-pikikirana, ary ny fikikirana tsy hitsy amim-pahavarana, koa izay mikitra sy mahavatra tsara, tena hahazo soa amin' ity boky fampandrosoam-pahendrena ity, ka « *tsy ho tontzin' ny elta, ary tsy ho ravan' ny taona mi/andimby.* »

RATANY.

## FITARIHAN-TENY.

Inty misy fomba vaovao fampianarana solta, ary nokendrena moa ho tsotra sy mazava araka izay azo natao. Ny Lesona dia miantomboka amin' ny mora indrindra ary mandroso miandalandalana, ka antennaina fa maro amin' ireo izay maniry habay solfa no hahay hampiana-tena samy irery amin' ity boky ity, raha mba misahiranana kely. Ary ireo izay efa manana fahalalana kely sahady momba ny mozika ka ta-habay solfa dia ampoizina bahita fahafinaretana sy fandrosoana haingana amin' ity Fampianarana ity. Nefo nokendrena be indrindra koa ny hahatonga ny Lesona sy ny Fampiasana ary ny Hira amin' ity boky ity mba ho azo hampianarana olona mitambatra, na ao amin' ny fianakaviana, na ao amin' ny sekoly, na ao amin' ny fiangonana ; satria ny foto-javatra irin' ny mpanoratra ity boky ity dia ny hampandroso ny fahaizana solfa amin' ny olona rehetra. Ampoizina koa fa ity boky ity dia hanampy tsara ny mpampianatra hira, mba hahamora ny fampianarany, fa sady boky ho an' ny mpampianatra ity no ho an' ny mpianatra koa.

Toy izay hita amin' ny Fampianarana rehetra naiditra teto auefa, dia tsy azo natao ny tsy hanisy teny baiko na teny vahiny sasantsasany ao aminy, satria sarotra ny hahita teny malagasy mifanitsy indrindra amin' ireo.

Ny nanoratra ity boky ity, dia mba isan' ireo tsy tia mampiasa teny baiko raha mbola misy ihany teny gasy mazava mifanitsy tsara amin' izay tian-kolazaina. Nefo mba tsy azony koa ny hanala ny teny baiko, ka hanolo an tery setra azy teny gasy tsy mifanitsy aminy akory. Aleony mitana ny teny baiko ka tsy manova azy akory, toy izay mampiasa teny gasy manakalahy, mainpisafotofoto hevitra.

Tamin' ity dia sahirana mihitsy ny sainy : tsy dia fahalainana hikaroka dikan-teny akory, fa ny teny tsirairay amin' ireo teny baiko hita amin' ity boky ity ireo, dia efa navadibadiny matetika tao an' eritreriny tao anatin' ny taona folo nanombobany ny fanoratana ity Fampianarana solfa ity. Malahelo izy hilaza fa na dia efa nilana hevitra tamin' olona maro samy mahay solfa daholo, tsy latsaka noho ny roa-polo aza ny amin' izay tokony ho dikan-teny amin' ireo, dia mbola tsy hita ihany

izay teny malagasy tandrisiny sy mahafa-po. Hany ka betsaka no niteny hoe : Avlao re ho eo ibany amin' izao ireo teny baiko ireo.

Ireo teny baiko sarotra adika ireo (ataoko hoe sarotra adika fa angamba mbola ho hita ihany izay mety ho dikany) dia lazaina amin' ny teny frantsay hoe : *Termes techniques*. Indraindray ary mahalana ihany no mety ahitana teny mifanitsy, fa matetika tsy hita izay teny gasy anankiray ka mahadika tsara teny baiko anankiray amin' ireo. Azo atao ihany koa ny bandika teny baiko anankiray ho teny gasy, ka ny heviny no adika, nefà manjary lava loatra ny dikany amin' izay. Noho izany dia tonga misy teny frantsay maromaro ihany tafiditra amin' ity boky ity. Ny sasany amin' ireo dia miverimberina matetika, nesa amia' uy itrangany voalohany dia asiana fanazavana.

Fanampin' izany, misy koa *teny italiana* bebe ibany ampiasain' ny firenena maro amin' izao tontolo izao momba ny mozika, ka ny sasany amin' ireo izay miasa indrindra dia ho hita koa amin' ity boky ity. Koa ny maro amin' ireo teny baiko sy vahiny ireo, dia ho hita tsy miova akory ny fanoratana azy amif' ny fiteny nibavijany.

Ny sasany anesa dia nogasina ihany, maka tahaka ny fanononana araka izay azo natao sy araka izay nobeverina fa tokony ho mety aminy.

Tokony holazaina eto koa fa misy teny baiko vitsivitsy nampiasaina mon-ba ny sol-fa, ary nogasina ny fanoratana azy, nesa tsy nanjary ho teny gasy ireo fa mbola tafajanona ho teny baiko ilana dikany sy fana-zavana mandrak' izao.

Ka amin' ity boky ity dia nosoloana teny frantsay mifanitsy aminy ireo. Ohatra : *pol a*, izay navadika ho *po* tato aoriania, dia nosoloana kosa hoe : *tempo*. Ny hoe *ky* na *kilé* dia nosoloana hoe : *Ton na Dô*. Ka ny hoe *miova Ky*, na *miova kilé*, dia natao hoe : *Miova ton, na miova Dô* (izany hoe : miova ny feon' ny Dô).

Ity Boky ity dia mizara telo :—

Ny FIZARANA VOALOHANY dia misy Lesona 40. Tsy mitovy halavana izy rehetra, ka dia tsy azo ferana ho tsy maintsy Lesona iray hatrany hatrany no atao indray manao, fa izay tokony ho zakan' ny mpianatra ihany.

Saiky isaky ny faran' ny Lesona tsirairay dia nasiana fanontaniana vitsivitsy, mba ho valian' ny mpianatra hahitana raha azony tsara izay nampianarina azy.

Ny ankabeazany amin' ireo Lesona ireo dia esa nampiasaina tao anatin' ny 25 taona, ary nahitana vokatra mahafaly tao amin' ny Sekolin' ny Missionaria Protestanta Frantsay izay nampianaran' ny mpianatra ity boky ity. Ary izany indrindra no namporisika azy hanoratra sy hanimbitra ireo ho boky iray ankehitriny. Koa dia nitariny sy namoronany fampiasana sy hira maro, hanazava sy hampahafinéritra ny fianarana solfa araka izay azo natao.

Ny Lesona faramparany dia nokendrena ho an' ny olona izay esa manana fahalalana ampiampy ihany momba ny mozika ; ary izay mahay mitendry zava-maneno dia mety bahazo an-tsaina haingana ireo Lesona ireo.

Ny FIZARANA FAHAROA amin' ity boky ity dia Fampiasana solfa fotsiny.

Fanazarana sy fampiharana ny voalaza amin' ny Fizarana voalohany, ary fandrosoana ho amin' ny sarotsarotra kokoa.

Ny FIZARANA FAHATELO kosa dia solfa misy Tonon-kira. Isan-karazany araka izay azo natao no nampidirina ao :—

Hiran-daolao, hira momba ny zava-boary, momba ny fainana andavanandro, momba ny fitondrantena, ny fisankatiavan' ny fianakaviana, momba ny ray aman-dreny, Madagaskara, Frantsa, ary hiram-pivavahana.

Ary na dia tsy mbola mahatapitra ny Fizarana voalohany aza, dia misy hira maro amin' ireo azo ianarana, ampifanelanelanina amin' ny Lesona. Ny Fampiasana solfa amin' ny Fizarana faharoa koa dia azo elanelanina hira amin' ireo.

Inoana fa raha mahatapitra ny Lesona sy ny Fampiasina ary ny Hirato anatin' ity boky ity ny mpianatra, dia hanjary ho mora aminy ny ny Tiona Ela sy Vao dia tsy ho zava-tsirotra intsony, ka tsy ho laza masaka akory raha lazaina fa ho avy hatrany dia mamaky aza.

Farany, mahafaly indrindra ny mpanoratra ny hankasitraka am-pahibemaso ireo ray aman-dreny sy sakaiza sasany izay nampisehoana ny amkopin' ity Boky ity talohan' ny nanaovana porinty azy, ka namporisika sy nanome hevitra, dia M.M. les Missionnaires J.F. Radley, Dr. J. Sharman, G Mondain, W. Evans, A. Chazel, H. Brunel. Indrindra Ingahy Ratany izay samy efa nampianatra hira sy solfa hatramin' ny ela, ka namaky tanteraka ny Lesona rehetra tamin' ity boky ity.

Misaotra indrindra koa ireo nanaiky hanampy ka namorona hira na tonon-kira dia Ingahy Ratany, Ingahy Rabary mpitandrina, Ingahy Randzavola, Andriamatoa Rabary mpamoron-kira, Andriamatoa J. Rabetafika, Andriamatoa Joseph Andrianaivoravelona, Andriamatoa Jean Narivony.

Enga anie ity boky ity hampitatra kokoa ny fahalalana solfa, ary ho isan' ny fanasoavana ny hira eto amin' ny firenena izay isan' ny tia mozika indrindra eto ambonin' ny tany.

# FIZARANA VOALOHANY.

---

## TORO-HEVITRA.

---

1. Raha mihira dia areno tsara ny loha sy ny tena ; arosoy kely ny tratra ; abemory ny soroka. Aoka ho mirana ny endrika ary raha miauna dia aza manezakezaka fa miaina tsotra. Sokasy tsara ny vava, ary aza avilavila ny molotra. Aza manao tareby ratsy. Kendreo mba ho manga tsara ny feo arak' izay izonao atao. Fadio ny mamoaka feo any an' orona, fa tonga kentsona ny feo.

2. Amin' ny hira itambarana dia aza mikiakiaka na midradradra mba hamono ny feoni ny eo an-kilanao, fa rehefa miara-mihira dia tsy tokony bisy haningana, fa mba ho boatra ny feo iray ny ataon' ny mpihira rehetra miara manao.

3. Raha misy feo ambony izay tsy tratrano amin' ny feo tsotra izao, dia aza manezaka tsy amin' ny antony, fa akelezo ny feonao.

4. Ny mihira mitsangana dia mety ho tsara kokoa noho ny mipetraka.

5. Mba habitanao na mety arak' izay tokony ho izy na tsia ny fomba fihiranao, dia mihirà indraindray eo anoloan' ny fitaratra hahaizanao manitsy ny tsy mety.

6. Aoka harahina tsara izay voasoratra. Aza manova, aza manampy na manaisotra. Ny efa voasoratra dia zavatra efa voahévitra sy misy antony nikendrena azy, ka aoka harahina araka izany, andrao manimba azy ny fanampiana na ny fanesorana vac atao.

7. Raha misy haingo na angola tian' ny mpamoron-kira, dia anjarany ihany ny hametraka izany amin' ny toerana tiany hasiana azy, sady tokony ho soratany koa, fa tsy ny olona rehetra akory no samy hanampinampy na hamboamboatra foana arak' izay tiany, na dia heveriny fa hanatsara azy aza izany, sady hahafinaritra ny mpibaino sasany koa. Satria raha izany no batao dia samy manana ny heviny, ka ho hafa lavitra noho izay niheveran' ny mpamorona azy ny feon-kira. *TSAROVY* fa *ARA* (art) toy ny *poezia* sy ny *sary* ny mozika. Ny hita hatramin' izao anefia dia ity : Sarotiny dia sarotiny ny olona maro amin' ny poezia sy ny sary. Taitra sy malahelo erý izy raha misy olon-kafa mamboamboatra : manitsy, manala na manampy, na dia zavatra kely foana aza. Rariny dia rariny anefia izany, satria ny fanao toy izany dia *tena tsy fanajana ara*. Koa aoka tsy ho latsaka noho izany ny fiheverana ny Mozika sy ny Hira, izany hoe :

**ARAO TSARA IZAY VOASORATRA.**

8. Tandremo tsara ny mafy sy ny malemy ; ny haingana sy ny miadana, ny leo maharitra sy ny feo tapatapaka, ny sahanginana rehefa tsy misy noty intsony, ary ny fakana aina. *Hita matetika fa tsy tanteraka arak' izay tokony hanaovana azy ireo, ka hafatrafarana eto mba harahinu tsara hahalavorary ny hira. Tena foto-javatra ianhinan' ny jahatsaran' ny hira ny fitandremana ireo.*

9. Raha manonona tonon-kira eo am-pihirana, dia aoka bo mazava tsara, mba bo azon' izay mihaino ny hevity ny teny. Ny an-dalana iray amin' ny tonon kira, raha tsy lava loatra dia tsy tokony ho tapahina antenatenanv. Ary ny teny iray, na dia lava aza, raha tsy misy antony ikendrena azy, dia aza tapahina ; izany hoe : Aza maka aina eo an tenanten' ny teny iray. Ohatra : *Mandrosoa* ; aza tapahina roa ho *Mandro, soa*.

10. Ny teny milaza fanantenanv, fifaliana, fahasambarana dia tokony haseho amin' ny fihirana azy : atao *falifaly* ary matetika *mafyl*. Ny mampalabelo sy mampangorokoraka kosa dia aoka biharihary koa, sady atao *malemy* matetika.

11. Raha maro no miara-mihira, dia aoka ho *indray manomboka*, tsy handrasana ho efa tonga eny an-tenatenanv ny sasany vao tratrano. Ary amin' ny fiatoana sy ny fiasfarana, aoka biara-nijanona koa.

12. Amin' ny hira maro andininy dia mety raha asiana fiatoana kely, ampy hakana aina tsara, isaky ny vita ny andininny iray, vao manomboka *indray*.

13. Ny hira ianarana dia aoka ho masaka sy hay tsara vao avela, satria ny mantoanto sy ny tsy hay tanteraka, dia sady tsy mahafapo ny mpanao no tsy mahafaly ny mpibaino

14. Ho famaranana izany rehetra izany dia izao : Aoka ny mpampianatra hira ho *sarotiny* amin' izay hahatsara ny hira. Tsy hamela ny diso sy ny tsy mety ho zavatra hodian-tsy hita, satria ny *manitsy hira diso efa mahazatra*, dia sarotra kokoa noho ny *mampianatra hira vaovao mbola tsy hay akory*.

Ary aoka kosa ny mpianatra ho mora toroana, hitandrina tsara, tsy ho kivy ambony ihany, indrindra fa mba tsy ho tafintohina raha alana diso.

Koa na ny mpampianatra na ny mpianatra dia aoka hiray hina tsara ; tsy ho afa-po raha tsy efa mahavita ny faran' ny azo atao ary samy mba hanao ireto teny telo ireto ho faneva mpitari-dalana :—

**MAZOTO, MANAO, MAHARITRA.**

---


## LESONA 1.

Ny Solfa.—Fotoana niantombohany.—Mozika na hira.—Ny noty fito fototry ny hira.—Ny noty telo Do, MI, SO aseho amin' ny tanana.

1. Ny SOLFA dia fomba fanoratana sy fianarana mozika na hira, ary litera no famantarana stao hanehoana ny feo.
2. Ny fotoana niantombohany dia 90 taona izao.<sup>1</sup>
3. Ny mozika na hira dia feo voatambatra minara dalana, natao mba habafinaritra ny sofina sy mba hanetsika ny saina amam-panahy.
4. Ny feo tsirairay voatambatra ho hira dia tsy mitovy : misy ambony, misy ambonny.
5. Mba hanavahana ny feo samihafa dia asiana famantarana na anarana ny feo tsirairay.
6. Ny famantarana na ny anarana entina manavaka ny feo tsirairay amin' ny hira dia atao hoe : Noty.
7. Noty fito no fotony, dia ireto :—

DO, RE, MI, FA, SO, LA, TI.

8. Misy fomba roa samihafa azo anehoana ny noty :—
  - (1) Azo aseho amin' ny tanana.
  - (2) Azo aseho amin' ny soratra.
9. Ny faneboana azy amin' ny tanana no hianarana amin' ity Lesona 1 ity, ary ny noty telo DO, MI, SO, no hiandohana. Ny tanana ankavana no ampanaochina.
10. Ny fela-tanana mivonkina, atao hoatra ny totohondry ary ahohoka no entina milaza ny DO.



DO


<sup>1</sup> Teto Antananarivo, tamin' ny 13 Juillet 1891 dia nisy fety lehibe nanetriketrika nomandin' Itompokolahy Rev. J. Richardson, misionera, izay isan' ny nampiely be indrindra ny fianarana solfa teto. Io fety io dia nomena anarana hoe : « *Jobilin' ny & Tonic Solfa*, » mba ho fahatsiarovana ny faha-50 taona niandohan' ny solfa. Ny reni-fiangonana teto Antanana dia samy nifidiaoana mphihiro hanao tamin' izany ; Maro no ciara-nanao. Tao amin' ny fiangonana Ambonin' Ampamarinana no nan ovana ny fety, natrehin' ny mpanjaka sy ny praiministra. Ny lehilahy namorona ny solfa dia Angle, natao hoe : JOHN CURWEN (1816—1880).

11. Ny fela-tanana atsotra ary ahohoka no enti-milaza ny MI.



MI

12. Ny fela-tanana atsotra hoatra ny anaovana ny MI, saingy aborana no enti-milaza ny SO.



SO

### HO AN' NY MPAMPIANATRA.

1. Misy mahatsara ny fampiasana ny noty aseho amin' ny tanana dia izao.
  - (a) Mora hanazarana ny Mpianatra ny feon' ny noty.
  - (b) Mora amin' ny Mpampianatra koa ny mamadibadika ny noty araka izay tiany.
  - (d) Rehefa mahalala ny anaran' ny noty ny Mpianatra, ka mahay mihira ny feony, dia mihamora kokoa ny hampandrosoana azy hamakay sy hihira ny noty voasoratra.
2. Raha mampiseho amin' ny tanana ny DO, MI, SO, dia kendreo ho ambony noho ny DO ny MI, ary ny SO ho ambonny kokoa noho ny MI. Ataovy mitsotra tsara ny tanana.
3. Izao no tokony hatao raha mampianatra ireo noty telo ireo amin' ny mpianatra :—
 

Tsirairay no hampisehoana azy. Ny DO ihany aloha. Aseho amin' ny tanana ny DO, ary asaina milaza ny anarany ny mpianatra. Ny anarany fotsiny no asaina lazaina fa ny feony tsy mbola hiraina aloha.

Dia atao tahaka izany koa ny MI, ary manaraka izany ny SO.

Dia ampifamadibadiho ny noty telo DO, MI, SO ambara-pahafantetry ny mpianatra azy tsy misalasala.
4. Aoka ny mpianatra mba hasaina mampiseho koa amin' ny tanany ireo noty ireo.

### FIANARANA NY FEON' NY DO, MI, SO.

1. Ny DO ihany indray no hiandohana.
- Mampiseho ny DO amin' ny tanany ny mpampianatra sady mihira ny feony : Atao maharitraritra ihany, ka rehefa tapitra ny feo dia hesoriny ny tanany, hahemony manakaiky ny sorony.

Dia haveriny hitsotra toy ny teo indray ny tanany hampiseho ny DO, ary amin' ity dia ny mpianatra kosa no hihira ny feon' ny DO, toy izay vao nataon' ny mpampianatra.

Avereno hatramin' ny in-efatra ny fifandimbasan' ny mpampianatra sy ny mpianatra, mihira ny feon' ny DO tahaka izay voalaza.

2. Mbola ny feon' io DO io ihany no hatao, fa asesy indroa. Ny mpampianatra hampiseho indroa amin' ny tanany ny DO sady mihira ny feony : DO, DO. Dia avelao indray ny mpianatra hihira manokana ireo DO roa ireo toy izay vao nataon' ny mpampianatra.

3. Dia mbola ataovy toy ny teo ihany indray, saingy avereno in-efatra misesy ny DO, toy izao :— DO, DO, DO, DO. Ahemotra kely ny tanana isaky ny elanelan' ny noty roa mitovy anarana.

4. TSAROVY ITY : Raha mbola mitsotra ny sandrin' ny mpampianatra mampiseho ny noty anankiray hiraina, dia atao maharitra ny feon' io noty io ambara-pihemotry ny tanany.

5. Rehefa azon' ny mpianatra tsara ny feon' ny DO, dia aroso tsirairay toy izany koa ny MI sy ny SO.

6. Rehefa samy hay mitsitokatokana ny feon' ny DO, MI, SO dia atambaro tsiroroa sy tsitelotelo ary tsiefatrefatra tahaka izay hita amin' ny Fampiasana eto ambany, izay natao hizärana ny noty aseho amin' ny tanana, na hotononina anarana fotsiny, na hohiraina araky ny feony.

Mandritra ny fampisehoana ny noty samihafa anarana amin' ny Fampiasana anankiray dia mijanona mitsotra eo ny tanan' ny mpampianatra, ary tapitra ny fampiasana anankiray vao mampihemotra ny tanany izy.

#### FAMPIASANA ASEHO AMIN' NY TANANA.

Atambaro misesy tsiroaroa ny noty. Ny virgiola dia natao mariky ny fakana aina.

Fampiasana 1. DO MI' DO MI. —2. MI DO' MI DO. —3. MI SO' MI SO.—4. SO MI' SO MI. 5. DO SO' DO SO.—6 SO DO' SO DO.

Atambaro tsitelotelo.

7. DO MI SO' DO MI SO —8 MI SO DO' MI SO' DO.—9 SO MI DO' SO MI DO —10 MI DO SO' MI DO SO.—11 SO DO MI' SO DO MI. - 12 DO SO MI' DO SO MI.

Atambaro tsiefatrefatra.

13. DO MI DO MI' SO MI SO MI.—14 MI SO MI SO' DO MI DO MI.—15 MI SO MI DO' MI SO MI DO.—16 DO MI SO MI' DO MI SO MI.—17 SO MI DO MI' SO MI DO MI.—18 DO SO MI DO' DO SO MI DO.

#### FANONTANIANA

1. Inona no atao hoe Sol-fa ?
2. Inona no atao hoe Mozika na hira ?
3. Inona no atao hoe Noty ?
4. Firy no fotcny ?
5. Lazao ny anarany.
6. Luona no enti-milaza ny DO amin' ny tanara ?
7. Luona no enti-milaza ny MI amin' ny tanana ?
8. Luona no enti-milaza ny SO amin' ny tanana ?

## LESONA 2.

Ny fomba fanoratana ny noty fito fototry ny hira.— Meziora.— Temps.— Fampiasana ny noty telo : DO, MI, SO vakina manaraka ny noty voasoratra.

- Ireo noty fito : DO RE MI FA SO LA TI rehefa alahatra an tsoratra hanoratana ny hira dia esoria ny zana-tsuratra, ka dia tonga tahak' izao :

d r m f s l t

Ny fanononana azy anefa dia sihala amin' ny fanononana ireo misy zana-tsuratra voalaza eo ambony.

2. Ny hira anankiray, na hira inona na inona, dia voazarazara mitovy hatramin' ny voalahany ka hatramin' ny farany. Koa ny fizarana iray amin' ireny no atao hoe *meziora*.

3. Amin' ny hira voasoratra amin' ny solfa dia ny elanelan' ny tsipika roa mijoro no atao hoe *meziora* iray.

4. Ny anaran' ny tsipika mamaritra ny Meziora dia atao hoe *bara*.

5. Ny bara farany indrindra dia atao roa sosona.

6. Ny meziora dia voazarazara mitovy koa, ary ny fizarana iray amin' ireny dia atao hoe : *temps*.

7. Mety hisy *temps* 2 na 3 na 4 amin' ny meziora iray.

Ny mamaritra ny *temps* tsirairay avy dia tsy mbola aseho amin' ity Lesona ity. Ny meziora sy ny temps dia mbola hiverenana sy hohazavaina bebe kokoa miantomboka amin' ny Lesona 6.

8. Amin' ireo fampiasana voasoratra eo ambany ireo, dia milahatra fotsiny ao anatin'ny meziora ny noty, tsy nasiana samantarana manavaka azy. Rehefa mamaky azy anefa dia ampitovio ny faharetany, satria neverina ho maharitra *temps iray avy ny noty tsirairay* eo.

9. Ny noty telo D M S ihany no brianarana amin' ireo fampiasana ireo. Brianarana hovakina. Hotononina anarana fotsiny, fa tsy hohiraina araky ny feony.

### FAMPIASANA HOVAKINA.

*Fampiasana misy noty roa, na temps roa isaky ny meziora no hiandohana.*

*Fampiasana 19.*

|d m |d m |d m |d m||

*Fampiasana 20.*

|m d |m d |m d |m d||

### Fampiasana 21.

|m s |m d |m s |d m||

### Fampiasana 22

|d m |m s |s m |s d||

### HO AN' NY MPAMPIANATRA.

1. Mitovy faharetana ny Noty tsirairay avy amin' ireo Fampiasana ireo, ka izao no hatao : Hitana fitsipika na hazo kely lava lava ny mpampiantatra ary hanapaika izany amin' ny latabatra miaraka amin' ny *noty tsirairay*, nefo kendrena mba hitovy tsara ny elanelany.

2. Hovakina ny noty, tsy hohiraina araky ny feony, fa hotononina anarana fotsiny. Alohan' ny hanobobana ny noty voalahany dia hanisa matomatotra tsara ny mpampiantatra hoe : ISA ROA, ho fiomanana dia atomboka amin' izay ny famakiana ny noty, ka ampiarahina tsara amin' ny fipaikan' ny fitsipika amin' ny latabatra ny noty tsirairay.

3. Tsara raha manao samy irery aloha ny mpampiantatra, vao mampa-nao ny mpampiantatra isaky ny fampiasana.

4. *Tsarovy ity* : Ny noty voalahany isaky ny meziora izany hoe : Ny noty eo ankavanana' ny bara dia tonony mafimafy kely kokoa noho ny hafa hatrany hatrany. Ny virgiola dia natao ho mariky ny fakana aina.

*Fampiasana misy noty telo na temps telo isa-meziora.*

### Fampiasana 23.

|d m s |d m s |s m d |s m d||

### Fampiasana 24.

|m d m |s m s |m d m |s d m||

### Fampiasana 25.

|m s m |s d m |m s m |s d m||

### Fampiasana 26.

|d s m |d m s |d s m |d s m |s m d |s d m||

### HO AN' NY MPAMPIANATRA :—

Amin' ireo Fampiasana misy noty telo isa-meziora ireo, mba ho fiomanana alohan' ny fiantombohana mamaky ny noty dia hanisa telo ny mpampiantatra hoe : ISA, ROA, TELO ary dia ampiarahina amin' ny paika iray avy mitovy elanelana ny noty tsirairay. Ny noty eo amin'

ny 'temps voalohany dia tononina mafimafy kely kokoa noho ny noty eo amin' ny *Temps faharoa sy fahatelo*.

### Fampiasana misy noty isa-meziora.

#### Fampiasana 27

| d m d m | s m s m | d m d m | s m s m ||

#### Fampiasana 28.

| m d m d | m s m s | m d m d | m s m s ||

#### Fampiasana 29.

| d m s m | d s m s | d m s m | s m d m ||

#### Fampiasana 30.

| s m d m | s d m s | s m d m | s d m d ||

**Ho AN' NY MPAMPIANTRA :**—Amin' ireo Fampiasana telo eo ambony ireo dia manisà: **ISA, ROA, TELO, EFATRA** ho fiomanana alohan' ny hiatombohana. Ny noty voalohany isa-meziora, tonony mafimafy kokoa noho ny noty telo sisa.

### FANONTANIANA.

1. Atao ahoana no fanoratra ny Dô RE MI FA Sô LA TI rehefa alahatra an tsoratra amin' ny hira?
2. Voazarazara mitovy ho inona ny feon-kira anankiray?
3. Inona no atao hoe *bara*?
4. Inona no atao hoe *temps*?

### LESONA 3.

Famèrana ny feon' ny Dô.—Diapazô. Fampiasana misy ny noty d m s hiraina araka ny feony.—

1. Ny Dô amin' ny hira rehetra dia tsy ary mitovy feo : amin' ny sasany *avo*, amin' ny sasany *iva*. Noho izany, ny mpamoron-kira tsy maintsy mametra ny feon' ny Dô isaky ny hira foroniny.

2. Inona anefa no atao famerana ny feon' ny Dô? Misy feo izay efa noferana tsy hiovaova, **FITO NO FOTONY\***.

3. Ireo feo fito ireo dia nomena ireto anarana ireto: A, B, C, D, E, F, G, dia ny litera fito voalohany amin' ny Alfabeto vazaha.

4. Ireo litera fito ireo dia anaran' ny noty mitovy labarana amin' ny l t d, r, m, f, s teo amin' ny firenena grika sy romana tany aloha, ary mbola tanana sy ampasain' ny firenena sasany any Europa mandraka ankehitriny.

5. Voafetra tsy hiovaova ny feon' ireo litera fito ireo. Koa isaky ny hira foronin' ny mpamoron-kira dia maka anankiray amin' ireo izy ho famerana ny feon' ny Dô, ary apetrany eo amin' ny fiandohan' ny hira.

#### OHATRA :

Dô dia A.

| d m | s m | d m | s d ||

Ny hoe Dô dia A, dia milaza fa ny feon' ny Dô amin' io hira io dia atao mitovy feo amin' ny feon' ny A.

#### OHATRA IRAY KOA :

Dô dia C.

| d s | m s | d s | m d ||

Ny Dô dia C eo milaza fa ny feon' ny Dô amin' io hira io dia mitovy feo amin' ny feon' ny C.

6. Aiza no hahalalana na hahazoana ny feon' ireo *Litera famerana ny feon' ny Dô* ireo?

Ny zava maneno toy ny harmonia dia mora ahazoana azy, satria hita ao avokoa ny feon' ireo litera ireo.

7. Afa-tsy izany dia misy zavatra tsotra kokoa natao hahazoana ny feon' ny A, dia ny DIAPAZÔ na fakam-peo.

Ny Diapazo dia vy kely miforitra, mirantsana roa, hoatra ny tarehin' ny litera U, ary misy tahony sihazonana azy eo afovoany. Ka raha



Diapazo

\* Fito no fotony, nefo mbola misy fanampiny izay miankina amin' ireo fito ireo ihany, ary mbola holazaina any aorianana,

apaika amin-javatra mafy izy io, dia mipararetra maneno, ary feon' ny A no ataony. Ny Diapazô frantsay misy soratra hoe LA no mitovy feo amin' ny litera A.

Koa raha voalaza fa Dô dia A, dia atao Dô ilay feo, ary dia azo izay ilaina.

Misy koa *Diapazo* tsofina amin' ny vava, ary misy koa *Diapazo* ahazoana ny feon' ny C.

8. Atao ahoana no hahazoana ny feon' ny litera hafa ?

Ny filahatry ny feon' ny A B C D E F G, dia toy ny filahatry ny feon' ny l d r m f s. Koa sahala amin' ny hahazoana ny feon' ny t raha azo ny feon' ny l, no hahazoana ny feon' ny B rehefa azo ny feon' ny A. Dia araka izany koa no hahazoana ny feo hafa sis.

Mbola hisy fanzavana bebe ihany ny momba ity any aoriania.

#### FAMPIASANA HOHIRAINA.

*Fampiasana misy noty roa, na temps roa isa-meziora.*

Ny virgiola dia mariky ny fakana aina. Manome ny feon' ny Dô ny mpampianatra dia manisa : ISA, ROA, ho fiomanana.

*Fampiasana 31.*

Dô dia A,

|d n|d n|m d|m d|d n|d m|m d|m d||

*Fampiasana 32.* Manome ny feon' ny Mi ny mpampianatra, dia manisa: ISA, ROA.

|m s|m s|s m|m s|m s|s m|m s||

*Fampiasana misy noty telo na temps telo isa-meziora.*

Manome ny feon' ny Dô ny mpampianatra dia manisa: ISA, ROA,

TELO ho fiomanana.

*Fampiasana 33.*

Dô dia C.

|d m s|d m s|m d s|m d s|d m s|m d s|m d s||

*Fampiasana 34.*

Manome ny feon' ny Sô ny mpampianatra dia manisa telo.

|s m d|s m d|m s d|m s d|s m d|m s d|m s d||

*Fampiasana 35.*

|s m m|d m s|s m m|d m s|m m s|d d m|m m s|d d m|d s s|d s s|  
|s d d|s d d||

*Fampiasana misy noty efatra na temps efatra isa meziora.*

Manome ny feon' ny Dô ny mpampianatra dia manisa : Isa, Roa, Telo, Efatra ho fiomanana.

**FAMPIASANA 36.** Dô dia E.

|d d d d|m m m m|s s s s|m m m m|d d m m|s s m m|s m d d|s m d d||

**FAMPIASANA 37.** Dô dia D.

|d m d m|m s m s|s m s m|m d m d|d s d s|m s m s|d s m s|s d s d||

**FAMPIASANA 38.** Manome ny feon' ny MI ny mpampianatra dia manisa efatra.

Dô dia C.

|m s m d|m d m s|m s m d|s d s d|m d m s|m s d m|m d m s|m s d d||

#### FANONTANIANA.

1. Moa mitovy feo va ny Dô rehetra ?

2. Inona no ataon' ny mpamoron-kira mba tsy hampiovaova ny feon' ny Dô amin' ny hira anankiray ?

3. Lazao ny anaran' ny litera izay manana feo tsy miovaova ?

4. Inona no hevitry ny hoe : Dô dia A,

5. Inona no atao hoe Diapazô ?



## LESONA 4.

Izay ahalalana eo amin' ny soratra ny noty mananifeo an-tenatenany sy feo ambony ary feo ambanry.—Fampiasana ny TI, RE

1. Ny noty fito d r m f s l t tsy, asiana marika miaraka aminy, dia natao bilazana ny feo an-tenatenany, na ny feo afovoany amin' ny solfa.

2. Ny d r m f s l t feo ambony tobio' ireo, dia tsipika kely mijoro mariky ny 1 kely no atao eo ambony an-kavanany ny noty :—

3. Ny d r m f s l t ambonin' ireo indray dia mariky ny 2 kely no atao eo ambony an-kavanany ny noty :—

d<sup>2</sup> r<sup>2</sup> m<sup>2</sup> f<sup>2</sup> s<sup>2</sup> l<sup>2</sup> t<sup>2</sup>

4. Ny d r m f s l t ambanin' ny noty fito an-tenatenany, dia tsipika kely mijoro na mariky ny 1 kely no atao eo ambony an-kavanany ny noty :—

d<sub>1</sub> r<sub>1</sub> m<sub>1</sub> f<sub>1</sub> s<sub>1</sub> l<sub>1</sub> t<sub>1</sub>

5. Ny d r m f s l t ambanin' ireo kosa dia mariky ny 2 kely no atao eo ambony an-kavanany ny noty :—

d<sub>2</sub> r<sub>2</sub> m<sub>2</sub> f<sub>2</sub> s<sub>2</sub> l<sub>2</sub> t<sub>2</sub>

6. GAMA. Ny fitambaran' ny noty valo misesy miantomboka, amin' ny d anankiray ka hatramin' ny d ambanin' io, dia mahavita izay antsoina hoe : *Gama*.

Ohatra: d r m f s l t d<sup>1</sup>

7. OKTAVA. Ny elanelan-peo hatramin' ny noty anankiray ka batramiu' ny noty fabavaloo mitovy anarana aminy ambonin' io, na ambanin' io, dia atao hoe *Oktava*

Ohatra :—

Ny elanelan' ny d ka hatramin' ny d<sup>1</sup>  
 " " " r " " " r<sup>1</sup>  
 " " " m " " " m<sup>1</sup>, etc.

Na izao koa :

Ny elanelan' ny d<sup>1</sup> ka hatramin' ny d  
 " " " t " " " t<sup>1</sup>, etc.


Ny Noty TI sy RE aseho amin' ny tanana.

8. Ny rantsan-tanana rehetra avonkina, afa-tsy ny fanondro izay atondro miakatra, ary ny vohon-tanana atao any ivelany no fanehoana ny TI.



TI

9. Ny fela tanana sy ny rantsana rehetra atsotra ka ny vohon-tanana atao aty anatiny no fanehoana ny RE.



RE

10. Misy fampiasana voasoratra eto ambany azo hianarana ny noty aseho amin' ny tanana sy ny noty voalatsaka anaty meziora.

Tsarovy ny fomba fianarana ny noty aseho amin' ny tanana sy ny noty voasoratra, atao izay voalaza amin' ny Lesona 1 sy 2 ary 3.

11. Ny elanelan' ny t sy ny r<sup>1</sup> dia sahala amin' ny elanelan' ny m<sup>1</sup> sy ny s, ka dia azo ampitovina feo ny t r<sup>1</sup> sy ny m s.

Fampiasana 39

Dô dia C

|t r<sup>1</sup> |t r<sup>1</sup> |r<sup>1</sup> t |r<sup>1</sup> t |t r<sup>1</sup> |r<sup>1</sup> t |r<sup>1</sup> t ||

Fampiasana 40.

Dô dia C

|r<sup>1</sup> t |r<sup>1</sup> t |t r<sup>1</sup> |t r<sup>1</sup> |r<sup>1</sup> t |r<sup>1</sup> t |t r<sup>1</sup> |t r<sup>1</sup> ||

Ny s t r' sy ny d m s dia azo ampitovina feo satria mitovy elanelana.

*Fampiasana 41.*

Dô dia A

|s, t, r |s, t, r' |r t, s, |r t, s, |t, r s, |t, r s, |t, r |t,  
|s, t, r ||

*Fampiasana 42*

Dô dia A

|t, s, r |t, s, r |r s, s, |t, r s, |s, t, r  
|t, r s, |r t, s, ||

*Fampiasana 43.*

Dô dia A

|s, t, r t, |s, t, r t, |s, r t, s, |s, r t, s, |t, r s, t,  
|t, r s, t, |r s, t, r |r r t, s, ||

*Fampiasana 44.*

Dô dia A

|s, s, t, t, |r r t, t, |s, r t, r |s, r t, r |t, t, s, s,  
|t, t, r r |t, r t, s, |r r s, s, ||


### FANONTANIANA.

1. Entina milaza feo inona ny d r m f s l t tsy asiana marika ?
2. Inona no mahasamihafa ny d tsy misy misy marika sy ny d (misy mariky ny I kely eo ambony an-kavanany).
3. Inona no asan' ny mariky ny iray atao eo ambony an-kavanany' ny noty ? Ohatra : d,
4. Inona no atao hoe *gama* ?
5. Inona no atao hoe oktava ? Asio ohatra.
6. Ahoana no fanehoana ny noty TI amin' ny tanana ?
7. Ahoana no fanehoana ny RE amin' ny tanana ?

### LESON A 5.


Planarana ny noty Fa sy La.—Fampiasana ny noty fito d r m f s l t.

1. Ny fanondro sy ny ankihibe atsotra midina, ary ny rantsan-tanana sisa avonkina no enti milaza ny FA.



FA

2. Ny fela-tanana sy ny rantsan-tanana rehetra atsotra sy atsontsorika, ary ny vohon-tanana atao any ivelany no enti-milaza ny LA.



LA

Ny Fampiasana eto ambany dia sady ho an' ny tanana, no hohiraina vakina

Ny elanelan' ny FA sy ny LA dia sahala amin' ny elanelan' ny Dô sy Mi.

Ny f l d' sy ny d m s dia mitovy elanelana ary azo ampitovina feo.

*Fampiasana 45.*

Dô dia C

|l d' |l d' |d' 1 |d' 1 |l d' |l d' |d' 1 |d' 1 |

*Fampiasana 46.*

Dô dia C

|f 1 d' |f 1 d' |d' 1 f |d' 1 f |l f |d' |l f d' |f d' 1  
f d' 1 ||

*Fampiasana 47.*

Dô dia A

|d 1 f 1 |l d 1 |d 1 f 1 |l d 1 |f 1 l 1 |d 1 |d 1 f 1 |l 1 |

|d 1 1 ||

*Fampiasana 48.*

Dô dia C

|f 1 d' 1 |f 1 d' 1 |d' 1 f 1 |d' 1 f 1 |l d 1 d

|f 1 f 1 |d' 1 d' 1 |l f 1 f ||

*Fampiasana misy ny noty fito**Fampiasana 49.*

Dô dia A

|d m m s |f 1 l d |s t r |d s m s |

|d m m s |f 1 l d |s t r t |d m d ||

*Fampiasana 50.*

Dô dia A

|d m s |d m s |f 1 d |f 1 d |s t r |s t r |d m d

|m d d ||

*Fampiasana 51.*

Dô dia C

|d m s m |d m s m |f 1 d 1 |f 1 l s t r |s t r |

|s t r t |d d s m |s s m d ||

*Fampiasana 52.*

Dô dia C

|d r m f |r m f s |m f s 1 |f s 1 t |d t p s i s

|t l s f |l s f m |s f m r |d r m f |s l t n d |d t p s i

|f m r d ||

**LESONA 6****NY MEZIORA SY NY TEMPS.**

1. Ny hira iray dia voazarazara mitovy, ka ny fizarana iray amin' ireny dia atao hoe : *Meziora* (mesure).


2. Ny *soñna sv* ny *maso* dia sà ny minana fahalalana ny *meziora*.

(a) Raha ny *soñna* no mihaino hira na mozika, dia injav reny tsara ny fiandohan' ny meziora tsirairay. Misy feo re mafimafy kokoa noho ny sasany, izay miverimberina, ary mitovy tsara ny elanelan' ny fotoana iverenany. Ary matetik raha mankasitraka ilay hira ny olona mihaino, dia mety hihetsika tsy satry ny tongony manaraka ilay hira, ka mingadona kely amia ny gorodona na amin' ny tany isaky ny fiandohan' ny meziora.

Koa ny elanelan' ny fiangadon' ny tongotra indroa amin' izay no atao hoe : *meziora iray*. Raha mozika tsafina miaraka amin' ny aponngabe no henoina, dia vao mainka re tsara kokoa ny fiandohan' ny meziora, satria matetika dia isaky ny miantomboka ny meziora no velezina ny apongabé, indrindra raha mozika famindrana.

b. Raha ny *maso* kosa no mijery hira voasoratra amin' ny solfa, dia misy tsipika mahitsy mijoro hitany miverimberina hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany.

Koa ny elanelana ao anatin' ny tsipika mahitsy mijoro anankiroa no atao hoe : *meziora iray*; ary ny tsipika mijoro mimaritra ny meziora dia atao hoe *bara* (barre de mesure). Ohatra :



3. Ny *bara farany* dia atao roa sosona, ary omena anarana hoe : *dobla bara* (double-barre).

4. Ny meziora iray dia voazarazara mitovy koa indray, ka ny fizarana iray amin' izany dia atao hoe *temps*.

5. Amin' ny hira anankiray dia mety hizara 'temps roa' hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany ny meziora; amin' ny sasany mety ho 'temps telo', na ho 'temps efatra' kosa hatrany hatrany, araka izay itiavan' ny mpamoron-kira azy.

6. Ny meziora miasa matetika indrindra, dia miavaka ho antokony roa

(a) Meziora tsotra (mesures simples).

(b) Meziora mitambatambatra (mesures composées).

7. Ny antokony iray amin' ireo dia samy misy karazany telo avy, ary amin' ny Lesona manaraka dia samy mbola holazaina sy bohazavaina tsirairay.

## FANONTANIANA.

1. Inona no atao hoe : *meziora* ?
  2. Ahoana no bahalalan' ny sofina ny meziora raha misy hira hiraina na mozika tsosina ?
  3. Inona no mamaritra ny meziora iray amin' ny solfa voasoratra ?
  4. Inona no atao hoe *dobra bara* ?
  5. Voazarazara mitovy ho inona ny meziora ?
  6. Misy antokony firy ny meziora ?
  7. Misy karazana firy ny antokony iray ?
- 

## LESONA 7.

Filazana an-kapobeny ny Meziora rehetra fampiasa amin' ny solfa.  
Meziora tsotra misy temps roa.

1. Voalaza tamin' ny Lesona 6, fa miavaka ho *an-tokony roa* ny meziora dia *Meziora tsotra* sy *Meziora mitambatambatra*. Ary isantako dia misy karazana telo avy :—

2. Ireto avy ny karazany telo amin' ny meziora tsotra :—

1. Meziora misy *temps roa*.
2. Meziora misy *temps telo*.
3. Meziora misy *temps efatra*.

3. Ny meziora mitambatambatra dia misy karazana telo koa dia ireto :—

1. Meziora misy *tempo roa*.
2. Meziora misy *tempo telo*.
3. Meziora misy *tempo efatra*.

4. Koa dia *enina karazana* no totalin' ny Meziora fampiasa amin' ny solfa.

5. Ny karaza-meziora ivelan' ireo dia meziora haitraitran' ny mpamoron-kira, sady miasa indraindray foana, toy ny meziora misy temps 5 na 7 etc.

6. Ireo karaza-meziora enina voalaza eo ambony dia haseho sy hodini-hina tsirairay avy. Ny meziora tsotra no hiandohana. Ny karazana voalohany amin' io dia ny meziora misy temps roa.

*MEZIORA TSOTRA MISY TEMPS ROA.*

1. Ny meziora misy temps roa dia hirigirika roa misfanao ambony sy ambany (deux points) no mizara azy eo afovoany.

Ohatra : | 1 : 2 |

2. Ny *temps voalohany* dia hatramin' ny *bara voalohany* ka hatramin' ny *hirigirika roa*, misy mariky ny 1 ; ny *temps faharoa*, dia hatramin' ny *hirigirika roa* ka hatramin' ny *bara faharoa*, misy mariky ny 2.

3. Indreto misy meziora efatra voazara ho temps roa avy.

| : | : | : | : ||

4. Raha asiana noty iray avy isaky ny *temps iray*, dia manjary ho toy izao :—

| d : m | d : m | d : m | d : m ||

Ny d rehetra eo samy maharitra temps iray avy ; ny m rehetra samy maharitra temps iray avy koa.

5. Atao hoe *temps mafy* ny temps voalohany amin' ny meziora misy temps roa ; ary atao hoe *temps malemy* ny temps faharoa.

Ny hevit' izany dia izio : Ny noty eo amin' ny temps voalohany dia hiraina mafimafy kokoa noho ilay eo amin' ny temps faharoa.

Ohatra :

|d : s |d : m |d : s |d : m ||

Ny d rehetra eo amin' ny temps voalohany dia samy hiraina mafimafy kokoa noho ny s na ny meo amin' ny temps faharoa.

Izany toetra ananan' ny Meziora misy temps roa izany, dia tsy toetra foronina fotsiny, fa toetra ananany rabateo, toy izay hita amin' ny teny betsaka misy vakiteny roa, izay tononina mafimafy kokoa ny vakiteny voalohany noho ny faharoa.

Ohatra :— Rano, mofo, maro, hery.

### FANONTANANA.

1. Inona no mamaritra ny temps voalohany amin' ny meziora misy temps roa?
2. Inona no mamaritra ny temps faharoa ?
3. Ny temps fahafiry no atao hoe temps mafy ?
4. Inona no hevit' izany ?
5. Ny temps fahafiry no atao hoe Temps malemy ?
6. Inona no hevit' izany ?



## LESONA 8

### MIVELY MEZIORA.

1. Araka ny efa voalaza amin' ny Lesona 6, ny hira anankiray dia voazarazara mitovy ho meziora aloha, ary ny meziora kosa indray dia voazarazara mitovy ho temps. Noho izany, raha mamaky na mihira ny noty amin' ny hira anankiray dia tsy maintsy mikendry ny hampitovy faharetana ny temps rehetra na sainy batao haingana, na samy batao miadana. Koa mba hitoviany tsara, dia tsy maintsy mively meziora, izany hoe : *Mando fhetsehana amin' ny tanana isaky ny temps iray, ary atao mitovy tsara hatrany hatrany ny faharetan' ny fhetsehana*.

#### 2. Fomba fively meziora.

Ny tanana an-kavanana no maiao. Ny laton tsandry, batreо amin' ny kiho ka batramin' ny soroka, tsy avela bihetsika. Fa ny sisa batreо amin' ny kiho ka batramin' ny rantsan-tanana ihany no mihetsika. Avokina avokoa ny rantsan-tanana afa-tsy ny fanondro, ary atao malefaka tsara ny fibetsiky ny hato tanana.

3. Izaо no atao raha mively meziora misy temps roa :—Ampidinina mavitribitrika ny tanana hanamarika ny temps voalohany ; ary akarina amin' ny temps faharoa.

Raha mampidina ny tanana dia miteny hoe isa ; ary raha mampakatra azy, miteny hoe : roa. Mamerimberina izany ambara pahazatra tsara.

Ny zana-tsipika roa eto an-kavia no manondro ny alehan' ny tanana raha mively meziora misy temps roa.

4. Ny mpianatra rehetra samy tokony hahay mively meziora.

5. Rehefa zatra mively meziora misy temps roa tahak' izany ny tanana, dia mety raha mandroso mamaky fampiasana voasoratra misy noty iray avy isaky ny temps amin' ny meziora.


6. Misy fomba roa famakiana noty amin' ny Solfa dia izao :

(a) Manonona ny anaran' ny noty tsisairay sady mively meziora, nefy tsy mihira ny noty araka, ny feony fa manonona ny anaranay fotsiny. Ny famakiana noty, toy izany dia atao hoe vakiteny ritmika (lecture rythmique amin' ny teny frantsay).

(b) Manonona ny anaran' ny noty tsisairay, sady mively meziora no mihira kosa ny noty araky ny feony : Solfier no ilazana izany amin' ny teny frantsay.

Misy fampiasana esatra voasoratra eo amin' ny faran' ity lesona ity, ka toy izao no hanaovana azy :—

(a) Ataovy vakiteny ritmika aloha ny fampiasana anankiray, ary averi-ambereno ambara pahay azy tsara.



Rehefa hanomboka ny famakiana ny noty dia miveleza meziora iray ho fiomanana sady manisa hoe : *isa*, *roa* miaraka amin' ny tanana midina sy miakatra, vao mandroso manonona ny anaran' ny noty voalohany amin' ny meziora voalohany.

b) Vakio sy biraos araky ny feony. Ny mpampianatra no tokonv hanao azy samy irery aloha. Hataony aloha ny feou' ny DO, dia hanisa : *isa*, *roa* no fiomanana izy no mively meziora, vao manomboka mihira ny noty amin' ny fampiasana.

Rehefa voasehony amin' ny mpianatra ny tokony hanaovany azy, dia hampanao viny ny mpianatra.—Homeny aloha ny feon' ny d, ka dia hataon' ny mpianatra izay d izay sady noty voalohany rahateo amin' ny Fampiasana. Dia hanisa, *isa*, *roa*, izy no mively meziora ho fiomanana, vao manomboka mihira ny noty ny mpianatra.

#### Fampiasana 53.

Eo amin' ny toerana misy virgiola (,) ibany no maka aina.

Dô dia C.

|d : m |s : m |d : m |s : m |s : d' |s : d' |d' : s |d' : s |m : s |m : s |m : d |m : d ||

#### Fampiasana 54.

Dô dia C.

|d : r |m : r |m : f |s : f |s : l |t : l |t : d' |r' : d' |d' : t |l : s |l : s |f : m |s : f ...  
|m : r |f : m |r : d ||

#### Fampiasana 55.

Dô dia C.

|d : m |r : f |m : s |f : l |s : t |l : d' |t : s |d' : d' |d' : l |t : s |t : s |l : f |l : f  
|s : m |s : m |f : r |f : r |m : d ||

#### Fampiasana 56.

Dô dia C.

|d : m |s : m |f : l |d' : l |s : t |r' : t |d' : s |d' : d' |r' : t |s : t |d' : l |f : l  
|s : m |d : m |f : r |d : d ||

### FANONTANIANA.

1. Inona no atao mba hampitovy faharetana ny temps tsirairay avy amin' ny hira ?
2. Atao aboana no fively meziora misy temps roa ?
3. Inona no atao hoe : manao vakiteny ritmika (lecture rythmique) ?

## LESONA 9.

Fanalavana ny faharetan' ny noty.—Temps mangina.

1. Ny noty maharitra *temps iray* dia azo alavaina ho *temps roa* na *telo* na mihoatra, arak' izay itiavana azy.

2. Ny fanalavana ny faharetan' ny noty dia *tsipika mahitsy mandry* atao eo amin' ny *temps an-kavanant*' ny noty tian-kohalavaina. Ohatra :—| d : —| Tonga maharitra temps roa ny d eo.

#### Fampiasana 57.

Tandremo tsy haka aina raha tsy eo amin' ny voamarika virgiola  
Dô dia F.

|m : - |r : - |d : - |s : - |f : - |m : - |r : - |m : -  
|s : - |l : - |s : - |m : - |f : - |m : - |x : - |d : - ||

3. Ny noty rehetra amin' io fampiasana io dia *samy maharitra temps roa*; koa raha manao *vakiteny ritmika* na mihira azy, dia ataovy maharitra mandritra ny idinana sy ny iakarau' ny tanana mively meziora ny noty tsirairay.

#### Fampiasana 58.

Dô dia C.

|d : m |s : m |d : m |s : m |d : - |m : - |s : - |m : -  
|f : l |d' : l |f : l |d' : l |f : - |l : - |d' : - |l : -  
|s : t |r' : t |s : t |r' : t |s : - |t : - |r' : - |t : -  
|d' : s |m : s |s : m |d : m |s : - |m : - |m : - |d : - ||

4 Raha tiana hangina ny *temps*, dia atao banga tsy asiana na inona na inona. Ohatra :—| d : - ||

Ny temps voalohany misy noty d ; ny temps faharoa *temps mangina* satria tsy misy na inona na inona eo.

Ohatra iray koa :—| : m ||

Ny temps voalohany kosa no *temps mangina* eo, fa ny temps faharoa ibany no misy noty m.

#### Fampiasana 59.

DO dia F.

|s : - |f : - |m : - |l : - |s : - |m : - |m : - |r : -  
|f : - |s : - |r : - |m : - |d : - |r : - |t : - |d : - ||

Amin' ny Fampiasana 41, dia ny *temps voalohany* ihany no misy noty, ka tandremo raha mamaky na mihira mba tsy hihotra hankamio ny *temps faharoa* izay *temps mangina* ny seo.

### Fampiasana 60.

D ôdia D.

| :d | :m | :s | :d' | :l | :s | :m | :r | :d || A B  
Amin' io Fampiasana 60 io, dia mangina avokoa ny *temps voalohany*.

### Fampiasana 61.

Dô dia C.

|m : |d : |m :f |s :-- | :l | :f |f :s |l :-- |  
|t : |r' : |t |t |d' :-- | :l | :t |s |r' |d' :-- ||

### FANONTANIANA.

1. Raha misy noty anankiray amin' ny *temps voalohany*, ka tiana haharitra *temps roa*, inona no atao?
2. Inona no atao raha tiana hangina ny *temps anankiray*?

## LESONA 10.

FEO ROA MIARAKA.— AKOLADY.

1. Rehefa samy zajatra, ka mahatana feo tsara ny mpianatra, dia tokony haroso hampanaorina feo roa Zaraina roa toko ny mpianatra:— Ny iray toko manao ny feo voalohany; ny iray kosa manao ny feo faharoa.\*

2. Ny Fampiasana 62 eto amoany dia nalahatra ho feo roa. Koa ianaranana mitokana avy aloha ny feo tsirairay vao atambatra.

3. Mety raha atao vakiteny ritmika aloha ny fampiasana, vao hiraina araka ny feony. Amin' ny vakiteny ritmika anefa dia tsy mba ampiarahina ny antokony roa, na dia samy efa mahay ny anjarany avy aza.

4. Rehefa hiraina ampiarahina kosa ny feo roa, dia izao no atao:— Manome ny feon' ny DO aloha ny Mpampianatra, ary ny mpianatra isan-tokony dia samy mamonjy manao ny feon' ny noty voalohany amin' ny anjarany avy. Ny antoko voalohany manao ny feon' ny m; ny antoko faharoa kosa manao ny feon' ny d.

Aorian' izay dia sady manisa *isa*, *roa* no mively meziora iray ho fiomana ny mpampianatra, ary dia miara-manomboka ny antokony roa.

### Fampiasana 62.

DO dia C.

Feo voalohany { m : m | s : s | l : t | d' :— | l : d' | t : l | s : m  
Feo faharoa { d : d | m : d | f : r | m :— | f : l | s : f | m : d  
{ r :— | m : m | s : s | l : t | d' :— | l : l | s : d' | r' : t | d' :— ||  
{ t :— | d : d | m : d | f : r | m :— | f : r | m : s | f : f | m :— ||

5. Eo alohan' ny bara voalohany amin' io Fampiasana 62 io, dia misy famantaranana atao hoe akôlady. Ny akôlady dia famintaranana entina manabatra feo samihafa ampiarahina, na feo roa, na telo, na efatra, na mihoatra. Eo an tsisiny ankavia amin' ny isan' an dalana no ametra. bana azy.

6. Rehefa samy mahay ny anjarany avy ny manao feo voalohany sy faharoa, ka efa natambatra niara-nihira, dia ampfamadiho, ka ny nanao ny feo voalohany hanao ny feo faharoa, ary ny nanao ny feo faharoa hanao ny feo voalohany kosa.

\* Amin' ny Lesona I ny hevity ny teny hoe *feo tsirairay* dia entina milaza feon ny Noty anankiray monja, Ohatra feon' ny d, na feon' ny r, etc.

Amin' ity Lesona VIII ity kosa dia hafa ny antsoina hoe feo voalohany, feo faharoa. Ny atao hoe *feo voalohany* eto dia ny noty rehetra an-dalana voalohany amin' ny hira miantomboka a nin' ny fiandohany ka hatramin' ny fiafarany. Ny antsoina hoe *feo-faharoa* kosa dia ny noty rehetra an-dalana faharoa eo ambania' ny feo voalohany hatrany.

Hita izany eo amin' ny Fampiasana 62. Mbola misy feo fahatelo sy fahefatra, izay voa aza mazava kokoa amin' ny Lesona X.

*Fampiasana 63.*

Dô dia C.

Feo voalohan  $\left\{ \begin{array}{l} |d : m| s : m |d : m| s : m |f : l| d : l \\ |d : -| - : - |d : -| - : - |f : -| - : - \end{array} \right.$   
 Feo faharoa  $\left\{ \begin{array}{l} |d : m| s : m |d : m| s : m |f : l| d : l \\ |d : -| - : - |s : -| - : - |s : -| - : - |f : -| - : - \end{array} \right.$

$\left\{ \begin{array}{l} |f : l| d : l |s : t| r : t |s : t| r : t |d : -| s : -| m : -| s : -| \\ |f : -| - : - |s : -| - : - |s : -| - : - |d : -| m : -| d : -| m : -| \end{array} \right.$   
 $\left\{ \begin{array}{l} |d : r| d : t| d : d| d : -|| \\ |m : f| m : r| m : m| m : -|| \end{array} \right.$

*Fampiasana 64.*

Dô dia F.

$\left\{ \begin{array}{l} |s : s| m : m| s : s| m : s |l : s| f : m |r : d| s : -| \\ |m : m| d : d| m : m| d : m |f : m| r : d |t : d| t : -| \end{array} \right.$   
 $\left\{ \begin{array}{l} |f : f| r : x| f : f| r : x |m : f| m : d |m : x| d : -| \\ |r : x| t : s| r : x| t : s |d : l| s : m| s : f| m : -| \end{array} \right.$

**FANONTANIANA.**

1. Inona no atao hoe feo voalohany ?
  2. Inona no atao hoe akôlady ?
- 

**LESONA II.****FEO TELO MIARAKA MISY TONONY.**

Rehefa mahafa-po ny sahaizan' ny mpianatra ny feo roa, dia arosoy hanao feo telo izy. Zarao telo toko ny mpianatra araka ny feony :— Ny vehivavy na ny zazalahy mahatratra feo avo, hanao ny feo voalohany. Ny vehivavy na ny zazalahy iva feo kokoa hanao ny feo faharoa. Ny tovolahy na ny lehilahy mahatratra feo ambany, hanao ny feo fahatelo.

Inty hira tsotra, feo telo misy tonony.

**« TE-HISAOTRA ANAO 'ZAHAY. »**

DO dia F.

*Ch. Rasoanaivo.\**

$\left\{ \begin{array}{l} |m : f| s : m |l : l| s : -| |s : l| s : m |d : m| r : -| \\ |d : r| m : d |f : f| m : -| |m : f| m : d |s : d| t : -| \\ |d : d| d : d |f : l| d : -| |d : d| d : d |m : d| s : -| \end{array} \right.$   
 1. Te-hi-saotra-A-nao zahay, Rainay tia-a Hi-a nao,

$\left\{ \begin{array}{l} |m : f| s : m |f : s| l : -| |s : f| m : r |d : t| d : -| \\ |d : d| d : d |r : m| f : -| |d : t| d : l| s : f| m : -| \\ |d : r| m : d |l : s| f : -| |m : r| d : f| s : s| d : -| \end{array} \right.$   
 Rai-so nao-nay hi-ra nay En-ti nay mi-de-ra-A-nao.

2. Tsy hadinonao 'zahay,  
Na alina na andro koa,  
Zay rehetra anananay  
Avy taminao tokoa.
3. Dera, laza, haja koa,  
Ho Anao, ry Tomponay.  
Fotot' aina, foto-tsoa,  
Raiso re ny saotranay.

*Ch. Rasoanaivo*

Izao no tokony hatao raha mianatra ity hira ity —

1. *Vakiteny ritmika* (lecture rythmique) misandimby manao isantoko, fa tsy ampiarahina.
2. Hiraina araka ny feony ny noty, ka ny *feo voalohany* ihany no manao aloha. Rehefa hainy ny azy vao manao ny *feo faharoa*. Rehefa hay ny feo faharoa dia ampiarahina amin' ny feo voalohany. Raha hita fa miaraka tsara ny feo roa voalohany, dia ampanao vina amin izay ny *feo fahatelo*, ka rehefa hainy ny azy dia atambaro ny *feo telo*.

\* Ny feon-kira sy ny Fampiasana rehetra amin' ny Fizarana voalohany dia nofo ronin' ny mpanoratra ny boky.

3. Rehefa miaraka tsara ny solfa ataon' ny feo telo dia asio tonony. Vakiteny iray ihany aloha no atao tonony hatrany hatrany. *La* no atao, dia soloana *ko*. Ampanaorina mitokana isam-peo aloha, vao atambatra.

4. Rehefa izany, dia izay vao biraina amin' ny tonon-kira voasoratra eo ambanin' ny noty, ka samy manao mitokana isam-peo indray aloha vao mitambatra.

5. Ny fitandremana ny mafy sy malemy amin' ny hira dia isan' ny mahatsara azy indrindra. Rehefa mihira ny tonony amin' ity hira ity dia izao no batao :—Ny andininy voalohany ataovy mafy. Ny andininy faharoa ataovy antonony, tsy mafy tsy malemy. Ny andininy fahatelo ataovy mafy.

**NOTA.** Mandany fotoana lavalava ihany ny fanaovana izany, nefra tiana ho tanteraka tsara ny fahaizana azy, dia tsy maintsy andalaina toy izany no fianatra azy.

Amin' ny fianarana samy mitsitokatokana ny isam-peo na feo voalohany na feo faharoa na feo fahatelo no mahamora ny fandraisana ny feo marina, sady amin' izany koa no mora abitana ny fahadisoana na ny kilema izay mety ho voasarontsarona foana amin' ny fanaovana rodobe avy hatrany. Ary bita amin' ny fanandramana esa natao hatramin' ny ela, fa izany no fomba haingana indrindra hahaizana tsara, raha vao manomboka mianatra solfa na hira.

Any aoriania, rehefa mitonbo ny fahaizana, dia azo tsorina kokoa ny fianatra azy. Ary rehefa samy mahay aza, avy hatrany dia mahazo mampiaraka solfa, na mihira amin' ny tonony ny feo samihafa, na feo roa, na feo telo, na feo efatra.



## LESONA 12.

**Temps iray mizara roa mitovy.** Noty maharitra temps iray sy sasany.

1. Ny *Temps iray* dia mahazo mizarazara mitovy, na ho roa, na ho telo, na ho efatra.

Ny *Temps iray* mizara roa mitovy ihany anefa no hoheverina izao.

2. *Hirigiriha iray* na point *iray* no famantarana mizara ny *Temps* ho roa mitovy.

Ohatra : Meziora misy *temps roa* samy voazara roa mitovy.



### Fampiasana 65.

Voazara roa mitovy ny *temps rehetra* eo samy misy noty iray avy.

Dô dia E

|d .r :m .f |m .r :m .d |m .f :s .l |s .m :r .d |m .s :d .s  
|m .f :s .m |f .l :s .m |f .m :r .d ||

### Fampiasana 66.

Ny *temps voalohany* ihany no mizara roa.

Dô dia F

|m .f :s |d .r :m |f .m :r |m .r :d |m .f :s |d .r :m '  
|f .m :r |d .t :d |t .d :r |r .m :f |d .x :m |m .f :r '  
|m .f :s |d .r :m |l .s :f |m .r :d ||

### Fampiasana 67.

Ny *temps faharoa* ihany no mizara roa.

Dô dia F.

|s :m .f |s :f .m |m :r .d |r :d .m |s :m .f |s :m .d  
|r :l .t :d |r :m |f :s .r |m :m .f |s :l .t |s :m .f  
|s :f .m |m :m .f |r :l .t :d : — ||

3. Rehefa manao *vakiteny ritmika* na mibira ireo fampiasana aloha ireo, dia izao no kendreо rehefa mively meziora : Ny *noty anankiroa* izay samy maharitra an-tsasaky ny *temps amin'* ny *temps voalohany*, dia lanio miaraka amin' ny tanana midina izany hoe : samy ho voatonona ny *noty roa* ary ampitovina ny fabaretany amin' ny tanana midina manamarika ny *temps voalohany* iny. Ny *noty roa* kosa izay eo amin' ny *temps faharoa* dia lanio mitovy tsara koa amin' ny tanana miakatra manamarika ny *temps jaharoa*.

4. Amin' ny Fampiasana rehetra, na manao *vakiteny ritmika* na *mihira ny feon'* ny *noty*. dia samy tokony hively meziora na ny mpampianatra na ny mpianatra.

5. Tsarovy, fa ny Fampiasana sy ny Hira rehetra amin' ity Boky fampiana-  
rana ity, rehefa mianatra azy dia tokony hatomboka miadana aloha, vao hafal-  
nganina tsikelikely ambara-pahay azy ho tonga amin' izay fandehany antonona  
azy indrindra. Tsy mety ny maika am-boaloхany.

6. Efa voaliza ao amin' ny Lesona 7 fa amin' ny meziora misy *temps roa*, ny *temps voalohany* dia *temps mafy*, ny *temps faharoa*, *temps malemy*.

Ny *temps tsirairay* anefa dia mba misy fizarana ho *maf y* sy *malemy* toy izany koa. Raha mizara *roa mitovy* ny *temps anankiray*, ny an-*tsasany voalohany lazaina* hoe : *ila-temps mafy*; ny an-*tsasany faharoa*, *ila-temps malemy*.

Ohatra.

Dô dia C.

|m .s :m .f |m .d :m .s ||

Ny m rehetra eo dia samy amin' ny *ila-temps mafy*, ary tokony hohi-  
raina mafy kokoa noho ny s sy ny fary ny d izay samy amin' ny *ila-  
temps malemy*.

#### NOTY MAHARITRA TEMPS IRAY SY SASANY.

— o —

1. Efa hita tany aloha, fa raha misy noty tiana hohalavaina ny feony, dia *tsipika mahitsy mandry* no atao eo an-kavanany, eo amin' ny *temps izay tiana hanalavaina* ny feony. Ary sabala amin' izany ibany koa, fa ny noty izay tiana habaritra *temps iray sy sasany*, dia izao no fanoratra azy : Asiana tsipika fohy mandry mahitsy eo amin' ny an-*tsasaky* ny *temps manaraka* ilay noty tian-kohalavaina.

Ohatra :—

|d :-|m :-|r :-|d :-||

Ireo noty efatra ireo dia samy maharitra *temps iray sy sasany* avy. Ny *an-*tsasaky* ny temps faharoa* sis amin' ireo meziora efatra ireo dia *mangina*.

2. Eto ambany dia misy Fampiasana roa ; ny noty voalohany isaky ny meziora dia maharitra *temps iray sy sasany* avy. Izao no atao raha mamaky na mihira azy :—

Amin' ny fampiasana 68. Ny noty voalohany m dia miaraka indrin-  
dra amin' ny tanana midina mively meziora no anonomana azy, ary atao  
maharitra ka tsy manonona ny f raha tsy efa hidua indray ny tanana ha-  
namarika ny *temps voalohany* misy ny s amin' ny meziora manaraka. Ny  
Ny *noty voalohany* maharitra telo a n-pahefatr y ny meziora, ny *noty fa-  
haraoh tsy* maharitra afa-tsy am pahefatr y ny meziora.

3. Vakiteny ritmika aloha no atao amin' ireo fampiasana ireo, vao mi-  
hira azy araka ny feony.

4. Ny fakana aina amin' ireo fampiasana ireo dia tsy mba nomarihi-  
hana virgiola, satria eo amin' ireo *ila temps mangina* tsy misy noty no  
tokony haka aina ; izany hoe, isaky ny meziora efatra no maka aina.

#### Fampiasana 68.

Dô dia D.

|m :-f |s :-d |t :-l |s :-|m :-f |s :-d |r :-m |r :-|  
|m :-f |s :-d |t :-l |s :-|l :-d |s :-d |m :-r |d :-||

#### Fampiasana 69.

Dô dia A.

|s :-d |r :-m |r :-r |d :-|l :-t |d :-m |r :-l |t :-|s :-d  
|r :-m |r :-d |f :-|m :-f |m :-d |r :-s |d :-||

#### FANONTANIANA.

1. Atao ahoana no fizara ny *temps anankiray* ho roa mitovy eo amin'  
ny soratra ?

2. Inona no atao hoe *ila-temps mafy* ?

3. Inona no atao hoe : *ila-temps malemy* ?

4. Raha tiana habaritra *temps iray sy sasany* ny noty anankiray eo  
amin' ny soratra, inona no atao ?

## LESONA 13.

### HIRA FEO EFATRA.

1. Raha ampy mizara ny mpianatra dia zaro efa toko :

1. Ny ankizy na ny vehivavy mahatratra feo avo, hanao ny feo voalohany na ny andalana voalohany amin' ny solfa.
  2. Ny ankizy na ny vehivavy iva feo kokoa, hanao ny feo faharoa na ny andalana faharoa.
  3. Ny tovolahy na ny lehilahy mahatratra feo avo, hanao ny feo fahatelo na ny andalana fahatelo.
  4. Ny tovolahy na ny lehilahy mahatratra feo ambany hanao ny feo fahefatra, na ny andalana fahefatra.
2. Ireto no anarana ilazana ny feo efatra amin' ny hira :

Teny baiko	Teny malagasy	na	Teny nogasina.
1. Soprano.	Feo voalohany	na	Feo ambony
2. Contralto.	Feo faharoa	na	Saikiny (alto)
3. Ténor.	Feo fahatelo	na	Fasiny tenora
4. Basse	Feo fahefatra	na	Beso

3. Ireto ambany ireto misy noty mampiseho ny fetra azo itsapana ny feon' olona ampanao vina feo efatra.

Ny Soprano (feo voalohany)

Dô dia C.

d r m f s t d' r' m' f' s'

Ny Tenora (feo fahatelo) oktava ambanin' ny soprano.

Dô dia C.

d r m f s l t d' r' m' f' s'

Ny alto (feo faharoa)

Dô dia C.

s, l, t, d r m f s l t d'

Ny Beso (feo fahefatra) Oktava ambanin' ny alto.

Dô dia C.

s, l, t, d r m f s l t d'

4. Raha olona maro no manao feo efatra, tokony ho firy avy moa no isan' ny manao feo iray ?

**VALINY :** Tsy dia azo asiana lalaua voafetra tsy maintsy harahina ny amin' izany, satria miankina amin' ny toetry ny feon' olona mibira. Ne-fa kosa azo lazaina ambangovangony sy atao ara-keviny ibany, raha mitovitovy ny fahamafin' ny feon' ny miphira.

**OHATRA :**—Raha 30 no tontalin' ny miphira dia azo zaraina toy izao :

- 12 manao feo voalohany
- 8 manao feo faharoa
- 4 manao feo fahatelo
- 6 manao feo fahefatra

Ny fitambaran' ireo raha samy mahavita tsara ny anjarany avy dia mety ho feo efatra mahafinaritra mibitsy.

Aoka ho ao an-tsaintsika mandrakariva, fa izay azo lazaina ho fototry ny feon-kira dia ny Feo voalohany. Tokony ho re mazava izy ary ary tsy avela ho safotry ny feo hafa rehetra. Ny feo voalohany no fototry ny hira, fa ny sisa dia mpanampy sy entina hanatsara azy.

Misy ohatra fanaon' Itompokolahy Rev. J. Richardson. Nohariny tamin' ny sakafio ny hira feo efatra. Hoy izy.—

Ny feo voalohany dia toy ny vary.

Ny feo faharoa dia toy ny laoka.

Ny feo fahatelo dia toy ny sakay.

Ny feo fahefatra dia toy ny lovia.



Koa raha ny vary sy ny laoka ary ny sakay no tafatambatra, mifanao ara-keviny tsara ary voaroso amin' ny lovia antonona azy, dia mety ho sakafio mahafipo.

5. Eto ambany dia misy hira anankiray feo efatra, ary tokony hianaranana araka ny fomba voalaza amlin' ny Lesona 11 ; izany hoe :

1. Vakiteny ritmika aloha.
2. Hiraina araka ny feon' ny noty.
3. Asiana tonony vakiteny iray hatrany hatrany la na ho.
4. Hiraina amin' ny tonony.

Atao mitsitokatokana, masahina tsirairay ny feo efatra vao atambatra. (Ny vakiteny ritmika tsy mba azo atambatra).

## « MAHARETA, MAHARETA »



p. 2 Mahareta, mahareta,  
Ry mpihazakazaka ô !  
Mahavesatra ny ota,  
Aoka re harianao.

mf. 3 Mahareta, mahareta,  
Ry mpihazakazaka ô !  
Lavi-dalana haleha,  
'Ndrao tsy tonga hianao.

f. 4 Mahareta, mahareta,  
Ry mpihazakazaka ô !  
'Ndreo ny maso 'zay mijery,  
Tazany ny dianao.

ff. 5 Mahareta, mahareta,  
Ry mpihazakazaka ô !  
Ao ny Tomponao miandry,  
Izy no jereonao.

*W. E. Cousins.*

Ny tononkira amin'ity hira ity dia nasiana famantarana filazana ny  
maf sy malemy raha mibera azy.

Izao no hevitri ireo famantarana isau' andininy ireo :

*p, malemy fanafohezana ny teny italiuna hoe piano ;  
mf, antonony (mezzo forte) ;  
f, mafy (forte) ;  
ff, mafy dia mafy (fortissimo) ;*

## FANONTANIANA

- 1—Inona no teny baiko enti-milaza ny feo voalohany amin'ny hira ?
- 2—Ny feo inona no atao hoe *Contralto* ?
- 3—Feo fahafiry no atao hoe *Fasiny*.
- 4—Inona koa no filozana ny feo fahafatra ?
- 5—Raha misy hira feo efatra, ny feo fahafiry no lazaina fa fototry ny feon-kira ?

## LESONA 14.

## MEZIORA TSOTRA MISY TEMPS TELO.

1 Ny meziora tsotra misy temps telo dia hirigirika roa miverina indroa no mizara azy.

OHATRA :— | 1 · 2 : 3 |

Ny temps voalohany dia hatramin' ny *bara voalohany* ka hatramin' ny *hirigirika roa voalohany*.

Ny temps faharoa dia hatramin' ny *hirigirika roa voalohany* ka hatramin' ny *hirigirika roa faharoa*.

Ny temps fahatelo dia hatramin' ny *hirigirika roa faharoa* ka hatramin' ny *bara faharoa*.

2. Raha samy asiana noty iray avy ny temps telo dia ho toy izao :—

	m : f : s	
m	amin' ny temps	voalohany
f	" " "	faharoa
s	" " "	fahatelo

3. Ny temps voalohany ihany no temps mafy, fa ny faharoa sy fahatelo samy temps malemy, toy ny fanononana ny teny iray misy vakiteny telo hoe : *tapaka*.


4. Toy izao ny fively ny meziora misy temps telo : —

Amin' ny temps voalohany, *midina ny tanana*

Amin' ny temps faharoa, *miankavanana*

Amin' ny temps fahatelo, *miakatra*.

Raha aseho amin' ny sary izany dia tahak' izao :—



Ny lohan' ny zana-tsipika no manondro ny halehan' ny tanana.

6. Mety raha asehon' ny mpampianatra ny fivelezana ny meziora misy temps telo, dia asaina mamerimberina izany ny mpianatra, ka sady manisa hoe : *isa, roa, telo* no ampiarahina amin' izany ny fandehan' ny tanana.

FAMPIASANA HATAO VAKITENY RITMIKA ALOHA VAO  
HIRAINA.

*Fampiasana 70.*

Dô dia F.

|d :d :d |r :x :x |m :m :m |f :f :f |s :s :s |f :f :f |  
|r :x :x |d :d :d ||

*Fampiasana 71.*

Dô dia C.

m :f :s	l :t :d'	t :d' :l	s :-- :--	s :l :s	m :s :f
m :x :d	r :-- :--	m :f :s	l :t :d'	t :d' :l :s :-- :--	
f :s :l	s :m :d	r :m :x	d :-- :--		

*Fampiasana 72.*

Ny temps faharoa no ia<sup>u</sup>tombohana, ka raha manao vakiteny ritmika, dia mively meziora sady manisa hoe : *isa, roa, telo, isa*, vao manomboka.

Rehefa'mihira ny noty araky ny feony dia izao no fiomanana hatao : Manome ny feon' ny s ny mpampianatra dia mively meziora sady manisa : *isa, roa, telo, isa*, dia manomboka mihira ny s amin' izay.

Ny fakana aina amin' ity Fampiasana ity, dia eo amin' ny temps man-gina.

Dô dia E.

:s :l	s :f :m	s :f :m	s :-- :--	:f :s	f :m :x	
m :x :d	r :-- :--	:s :l	s :f :m	s :f :m	s :-- :--	m :s
f :m :d	r :f :m	d :-- :--				

*Fampiasana 73.*

Ny temps fahatelo no iantombohana amin' ity ka dia mively meziora sady manisa hoe : *isa, roa* dia manomboka amin' ny temps fahatelo.

Dô dia C.

: :d |m :x :d |r :l :t |d :-- :x |m :-- :s |s :f :m |  
|m :x :d |r :-- :m |r :-- :d |m :x :d |r :l :t |d :-- :x |  
|m :-- :s |l :s :f |m :d :m |r :-- :t |d :-- :-- ||

HIRA FEO EFATRA.

« NY MASOANDRO LEHIBE ».

DO dia D.

d :m :s	d' :-- :d'	t :-- :l	s :-- :--
d :d :m	m :-- :s	f :-- :f	m :-- :--
m :s :s	s :-- :m	l :-- :t	d :-- :--
d :d :d	d :-- :d	d :-- :d	d :-- :--
f 1 Ny ma- so- an dro le- hi- be, f 2 Ny ta- ny sy ny la- ni- tra,			

s :l :s	m :-- :m	s :-- :m	r :-- :--
m :f :m	d :-- :d	r :-- :d	t :-- :--
d' :d' :d'	s :-- :s	s :-- :s	s :-- :--
d :d :d	d :-- :d	t :-- :d	s :-- :--
Vo- Ny la- na, kin- ta- ma- ro be, Ny vo- nin- ka- zo ma- ni- tra,			

d :m :s	d' :-- :d'	t :-- :l	s :-- :--
d :d :m	m :-- :m	f :-- :f	m :-- :--
m :s :s	s :-- :s	l :-- :t	d :-- :--
d :d :d	d :-- :d	d :-- :d	d :-- :--
Ny bi- by a mam- bo- ro- na, Ny va- to- a man ka- zo koa,			

s :m :d	l :-- :d'	t :-- :t	d' :-- :--
m :d :d	d :-- :f	r :-- :x	m :-- :--
d' :s :s	d' :-- :d'	s :-- :s	s :-- :--
d :d :m	f :-- :T	s :-- :s	d :-- :--
Mi- de- ra ny Sa- my mi- de- ra	Mpa- mo- a- vo-	ro- na- koa	

p 3 Ary hianao, ry olona ! —  
 Manam-panahy velona,  
 cr\* Sady navotan-tsarotra !  
 mf Moa ve hiady varotra ?

f 4 Tsia, avia, fanahiko,  
 Ary'zay ao anatiko,  
 ff Mankalazà ny Tompo tia.  
 O ! miderà sy mifalia !

Ch. Rasoanaivo.

\* cr. mikamafy tsikely, fanafohezana ny hoe : crescendo.

### FANONTAN IANA

1. Inona no faritry ny temps voalohany amin' ny meziora misy temps telo ?
  2. Inona no faritry ny temps faharoa ?
  3. Inona no mamaritra ny temps fahatelo ?
  4. Ny temps fahafiry no temps mafy ?
  5. Ary ny temps fahafiry kosa no temps malemy ?
  6. Aiza avy no alehan' ny tanana raha mively ny meziora misy temps telo ?
- 

### LESONA 15.

#### MEZIORA TSOTRA MISY TEMPS EFATRA.

1. Izao avy no faritry ny temps tsirairay amin' ny meziora misy temps efatra : —

Ny temps voalohany, bara sy hirigiriha roa ;  
 Ny temps faharoa, hirigiriha sy tsipika mijoro fohy ;  
 Ny temps fahatelo, tsipika mijoro fohy sy hirigiriha roa ;  
 Ny temps fahefatra, hirigiriha roa sy bara.

Ohatra : — | 1 : 2 | 3 : 4 |

2. Ny meziora misy temps efatra dia sahala amin' ny meziora misy roa averina indroa, saingy ny bara eo ampovoany no atao fohy.


3. Amin' ny meziora misy temps efatra.

Ny temps	voalohany,	mafyl
" "	faharoa,	malemy
" "	fahatelo,	mafimafyl
" "	fahefatra,	malemy

Ohatra : — | s : f | m : r |

4. Ny s, mafyl ; ny f, malemy ; ny m, mafimafyl ; ny r, malemy.


Amin' ny temps	voalohany,	midina ny tanana
" "	faharoa,	miankavia
" "	fahatelo,	miankavanana
" "	fahefatra,	miakatra



5. Ny mpianatra rehetra samy tokony hasain' ny mpampianatra mizatra mively meziora fotsiny aloha, sady manisa isa, roa, telo, efatra, miaraka amin' ny fandehan' ny tanana.


*Fampiasana 74.*

Dô dia C




*Fampiasana 75.*

Dô dia D.



*Fampiasana 76.*


Dô dia E.



Amin' ny Fampiasana 77 eto ambany dia amin' ny *temps faharoa* no miantomboka, k2 izao no atao raha manao *vakiteny ritmika* sady mively, meziora no manisa hoe : *isa, roa, telo, efatra, isa*, dia manomboka amin' izay.

*Fampiasana 77.*

Dô dia C.




Rehefa mihira azy araky ny feony kosa dia manome feon' ny d aloha ny mpampianatra, vao mively meziora sy manisa *isa, roa, telo, efatra, isa*.

Ny Fampiasana 78 eto ambany dia miantomboka amin' ny *temps fahalo*, ka manisa *isa, roa, telo, efatra, isa, roa* vao manomboka.

*Fampiasana 78*

Dô dia D.



Azo atao ihany koa ny manisa *isa, roa*, ho fiomanana dia manomboka amin' ny temps fahafelo.

FANONTANIANA.

1. Inona avy no faritry ny temps tsirairay amin' ny *meziora tsotra misy temps efatra* ?
2. Ny temps fahafiry no *temps mafy* ?
3. Iza avy no *temps malemy* ?
4. Ny temps fahafiry no lazaina ho *temps mafimafy* ?
5. Aiza avy no alehan' ny tanana raha mively ny meziora misy temps efatra ?



## HIRA FEO EFATRA.

Ny hira eto ambany dia mianton'boka amin' ny temps fabefatra, ka manisa, *isa*, *roa*, *telo* vao manemboka. Tsarovy ny fomba fianarana ny hira feo efatra araky ny voalaza amin' ny Lesona II.

## « NY TANORA VONINKAZO.»

Dô dia E. Moderato.

*f*

(:s.f | m :m | d :m | r :— | l :r.d | t :t | d :r | m :— | —  
 :m.r | d :d | s :d | l :— | l :l, l :s :s | l :t, d :— | —  
 :s.s | s :s | m :s | f :— | f :f.m | r :s | s :s | s :— | —  
 :d.d | d :d | d :d | f :— | f :f.f | s :f | m :r | d :— | —  
 1. Ny ta- no- ra vo- nin- ka- zo So-a sa- dy ma- ni- tra,

Ne- fa me- ty ho ma- la- zo, Me- ty tsy ha- ha- ri- tra;  
*p*

(:s.f | m :m | d :m | r :— | f :m.r | d :m | r :r | d :— | —  
 :m.r | d :d | s :d | l :— | d :d.l | s :d | t :t, d :— | —  
 :s.s | s :s | m :s | f :— | l :s.f | m :s | f :f | m :— | —  
 :d.d | d :d | d :d | f :— | r :m.f | s :s | s :s | d :— | —  
 Koala-lao e, ry ta- no- ra, Tonva- ndron-ja- ra- nao;

*m/f*

(:m.s | l :— | f :l.l's :— | m :s.s.s :s | f :m | r :— | —  
 :d.d | d :— | d :f.f.m :— | d :m.m.m :m | r :d | t :t :— | —  
 :s.m | f :— | l :t.t.d :— | s :d.d.d :s | s :s | s :— | —  
 :d.d | f :— | f :f.f.d :— | d :d.d.d :d | t :t, d :s :— | —  
 Koala-lao e, ry ta- no- ra, Tonva- ndron-ja- ra- nao;

*f*

(:r.r | m :— | f :s.s | l :— | d :t.l | s :— | f | m :r | d :— | —  
 :t.t.d :— | t :d.d.d :— | f :r.r | m :r | d :t, d :— | —  
 :s.s.s :— | s :d.d.d :— | d :s.t.d :— | l | s :f | m :— | —  
 :s.s.d :— | r :m.m.f :— | l :s.f | m :f | s :s, d :— | —  
 A-e- le- zo mora- mo- ra 'Zany fo- fo- ma- ni- trao.

*mf* Ny tanora voninkazo  
 'Zay mahafinaritra,  
 Ka na mbola ho malazo,  
 Maina toy ny ahitra.  
*cr* Mety tsy ho lefy laza,  
 Fa ho vokatra tokeo.  
*f* Ry tanora, mamaoza  
 Voan' ny fanaovan-tsoa

*mf* Ry tanora voninkazo,  
 Maha-te-ho tia tokoa!  
 Mba tandremo tsy halazo  
 'Zany haja, zonao koa;  
*f* Isan' andro mandrosoa  
 Mba ho olo-marina;  
*cr* Na aiza na aiza mitomboa  
 Ho tanora masina

*f* Ry tanora voninkazo  
 Sitraky ny lanitra;  
*cr* Mitsangana, afafazo  
 Mba ho voninahitra  
*ff* Ho an' i Madagaskara  
 Ny hasoan' ny asanao;  
 Hanitry ny toetra tsara  
 No tadiavina aminaon.

J. Andrianaivoravelona.


## LESONA 16.

Ny temps mizara telo mitovy sy ny temps mizara efatra mitovy.

1 Raha zaraina telo mitovy ny temps iray ny famantarana ampiasaina bizarana azy dia *virgiola mitsingoloka*.  
OHATRA : meziora misy temps roa samy voazara telo mitovy.




Raha asiana noty dia toy izao :



Ampahatelon' ny temps no faharetan' ny noty tsirairay amin' ireo.


Fampiasana 79. Meziora misy temps roa, ny temps voalohany voazara telo.

Dô dia C.



Fampiasana 80. Meziora misy temps telo, ny temps voalohany faharoa voazara telo.


Dô dia C.



2. Ny litera roa D.C. amin' ny Fampiasana 80 sy 81, dia fanafozana ny teny italiana hoe : *Da Capo*. Ny hevitr' izany dia izao : Rehongga eo amin' io D.C. io dia miverina mankany amin' ny voalohany dia mijanona eo amin' ny teny hoe *Farany*.

Fampiasana 81. Meziora misy temps efatra.


Dô dia B.




NY TEMPS MIZARA EFATRA MITOVY.

7. Ny famantarana ampiasaina hizarana *efatra mitovy* ny temps iray dia *virgiola sy hirigirika*.

OHATRA. Meziora misy temps roa samy zaraina efatra.



Raha asiana noty dia toy izao :-




Samy maharitra *ampahefathy ny temps* ny noty tsirairay eo.

Fampiasana 82.

Meziora misy temps roa, ny temps voalohany voazara efatra.


Dô dia C.



*Fampiasana 83.*


Meziora misy temps telo.

Dô dia D.

*Fampiasana 84.*


Meziora misy temps efatra.

Dô dia A.

*Fampiasana 85.*

Meziora misy temps efatra. Fampiasana itambaran' ny temps voazara roa, telo, efatra mitovy.

Dô dia F.



## FANONTANIANA.

1.—Inona no famantarana ampiasaina hizarana telo mitovy ny temps iray ?

2.—Inona no famantarana ampiasaina hizarana efatra mitovy ny temps iray ?

3.—Inona no hevity ny teny hoe Da Capo ?

## LESONA 17.

Meziora mitambatambatra. Meziora misy temps roa.

1. Voalaza amin' ny Lesoca 7, fa ny meziora mitambatambatra dia misy karazany telo :

1. Meziora misy temps roa
2. Meziora misy temps telo
3. Meziora misy temps efatra

Ny meziora misy temps roa ihany no bianarana amin' ity Lesona ity.

2. Raha aseho amin' ny soratra ny meziora mitambatambatra misy temps roa dia toy izao :



Sahala amin' ny meziora tsotra misy temps telo averina indroa, saingy ny tsipika eo afovoany no atao fohy. Izany hoe : meziora roa amin' ny meziora tsotra misy temps telo no natambatra ho meziora iray ; ary izany no ilazana azy hoe meziora mitambatambatra,


3. Raha asiana noty ny meziora iray amin' ny meziora mitambatambatra misy temps roa dia toy izao :



Ny noty telo voalohany d m s dia atao temps iray, ary ny noty telo sisira l t d dia temps iray koa.

Misy somba roa samy fanao raha mively ny meziora mitambatambatra misy temps roa :—

a Raha miadana ny hira, dia heverina tsotra izao ho toy ny meziora misy temps enina izy, ary avakavahana marihina tsirairay ny temps enina. Izao no fively ny meziora misy temps enina : aidina intelo ny tanana manamarika ny temps telo voalohany, ary akarina in-telo amin' ny temps telo faharoa.




b. Raha baingakaingana kosa ny hira dia beverina ho *temps roa* monja ny meziora misy temps enina voalaza teo, ka ny *temps telo voolohany* atambatra ho *temps iray*, ary midina ny tanana raha mively azy; ary ny *temps telo fuharoa*, atambatra ho *temps iray* koa, ary miakatra kosa ny tanana mively azy.

5. Ny Fampiasana eto ambany dia izao no hanaovana azy :—Avakava-ho ho *temps enina* aloha, vao velezina ho *temps roa*.




### Fampiasana 86.

Dô dia C.





### Fampiasana. 87.

Dô dia F.



### Fampiasana 88.

Dô dia E.



### FANONTANIANA.

1. Toy inona no tarehin' ny meziora mitambatambatra misy temps roa raha aseho amin' ny soratra ?
2. Raha miadana ny hira, ahoana ho fomba fively meziora ?
3. Raha haingana kosa ny hira, ahoana no fively meziora ?

## LESONA 18.

Meziora mitambatambatra misy temps telo. — Meziora mitambatambatra misy temps efatra.

1. Ny meziora mitambatambatra misy temps telo dia hoatra ny meziora tsotra misy temps telo *averina intelo*, saingy ny tsipika mijoro roa ao anatiny no atao fohy.

Ohatra :



Raha asiana noty dia toy izao :—



2. Fomba roa samihafa koa no fively ny meziora mitambatambatra misy temps telo.


1. Raha miadana ny hira dia 'beverina tsotra izao ho toy ny meziora misy temps sivy izy. Avakavahana ny temps tsirairay : *midina intelo amin' ny temps telo voalohany ; miankavanana intelo amin' ny temps telo faharoa, ary miakatra intelo amin ny temps telo farany.*

2. Raha haingana ny hira dia atao toy ny fively **Meziora tsotra misy temps telo**. Atambatra ho **temps iray** ny temps telo voalohany, ary *midina ny tanana ; atambatra no temps iray koa ny temps telo faharoa, ary miankavanana ny tanana ; atambatra ho temps iray koa ny temps telo farany, ary miakatra ny tanana*.

3. Raha manao ireto Fampiasana eto ambany ireto dia avakavaho bo **temps sivy aloha** ny fively ny meziora. Aorian' izany dia atambaro ho **temps telo**.


Fampiasana 89.

Dô dia C.





Fampiasana 90.

Dô dia C.



Fampiasana 91.


Dô dia D.




Meziora mitambatambatra misy temps efatra

1. Ny meziora mitambatambatra misy temps efatra dia hoatra ny meziora tsotra misy temps telo *averina inefatra*, saingy ny tsipika mijoro telo ao anatiny no atao fohy.

Ohatra :—



Raha asiana noty dia toy izao :—



2. Ny fively ny meziora mitambatambatra misy temps efatra dia manaraka fanao roa samihafa koa :—



1. Raha miadana ny hira dia 'heverina ho Meziora misy temps 12 tsotra izao izy. ary avakavahana ny temps tsirairay. *Midina intelo ny tanana manamarika ny temps 3 voalohany ; miankavia intelo manamarika ny temps 3 faharoa ; miankavanana intelo manamarika ny temps 3 farany.*

2. Raha haingana kosa ny hira dia velezina ho **temps efatra** izy. Atambatra ho **temps iray** ny temps 3 voalohany ary *midina ny tanana manamarika azy ; atambatra ho temps iray koa ny temps 3 faharoa ary miankavia ny tanana ; atambatra ho temps iray koa ny temps 3 fahatelo, ary miankavanana ny tanana ; ny temps 3 farany atambatra ho temps iray koa, ary miakatra ny tanana manamarika azy.*

3. Ny Fampiasana eto ambany dia samy ataovy amin' ny fomba roa voalaza eo ambony ny famakiana sy ny fihirana azy


Fampiasana 92

Dô dia D.



## Fampiasana 93.

Dô dia C.



## Fampiasana 94.

Dô dia E



## FANONTANIANA.

1. Toy inona no tarehin' ny Meziora mitambatambatra misy temps telo raha jerena amin' ny soratra ?
2. Raha miadana ny hira atao ahoana no fively meziora ?
3. Raha haingana kosa ny hira, atao ahoana no fively meziora ?
4. Toy inona no tarehin' ny Meziora mitambatambatra misy temps efatra ?
5. Atao ahoana no fively ny meziora raha miadana ny hira ?
6. Atao ahoana kosa no fively azy raha haingana ny hira ?



## LESONA 19.

Point boribory eo ambonin' ny noty.—

Point lavalava.—Liaison.—


1. Ny noty asiana point boribory na hirigirika eo amboniny dia abaverezana antsasany ny faharetany.

OHATRA :— | . :d |

Sahala amin' ny m. :d. |

## Fampiasana 95. Meziora tsotra misy Temps roa.

Dô dia C. Staccato.



Io fampiasana 95 io dia azo soratana toy izao koa :—

Dô dia C.



Atao tapatapaka ny fihira io Fampiasana io. Isaky ny voatonona ny anaran' ny noty dia tsy maintsy mangina tampoka, atao mitovy ny faharetan' ny noty sy ny fahanginana manaraka azy. *Staccato, teny italiana*, no ampiasaina ho filazana izany feo tapatapaka izany.


2. Raha point lavalava no eo ambonin' ny noty dia ahaverezana *telo ampahefany* ny faharetany. Izany hoe: raha Noty maharitra temps iray no asiana point lavalava eo amboniny, dia *ampahefetry ny temps sisaharetany*, fa fahanginana ny sisaharetany, fa fahanginana ny temps.

Noho izany, dia *hentitrentitra kokoa* no fihira ny noty misy point lavalava noho ny misy point boribory.

OHATRA :—




Sahala amin' ny




*Fampiasana* 96. Meziora tsotra misy temps telo.

Dô dia D.



Azo soratana toy izao koa io Fampiasana 96 io.


Dô dia D.



— — —

3. Raha noty roa, na telo, na efatra, na firy na firy ka tiana hitohy tsara ny feony, dia asiana tsipika mahitsy mandry eo ambaniny. *Liaison* no anaran'io tsipika io, ary raha mamaky na mihira ny noty dia tsy maka aina eo an tenanten'i ny noty voaisy *liaison*.


Ohatra : - Dô dia C.



4. Raha noty roa no asiana *liaison*, dia atao mitohy tsara ny feony. Afa tsy izany dia izao koa :—Ny noty voalohany dia hiraina masimafy kokoa noho ny faharoa. Sahala amin'ny fanononana teny vakiteny roa hoe : *manga, tsara, etc.*, izay tononina mafy kokoa ny vakiteny voalohany noho ny faharoa.


*Fampiasana* 97.

Dô dia C.



*Fampiasana* 98.

Dô dia E.




5. Raha asiana tononkira ny noty misy *liaison*, dia vakiteny iray ihany no tonon'ny noty rehetra misy *liaison*, na firy na firy isan'ny noty.


Hiraina solfa aloha ireto Fampiasana manaraka ireto, dia asio tonony vakiteny iray hatrany hatrany. La no atao, dia soloana *ko* indray.

*Fampiasana* 99.

Dô dia F.



1. La- la- la- la- la- la-  
2. Ko- ko- ko- ko- ko- ko-




*Fampiasana* 100.

Dô dia C.




1. La- la- la- la-  
2. Ko- ko- ko- ko-



La- la- la- la-  
ko- ko- ko- ko-

*Fampiasana* 101. Rehefa hay ny solfa amin'ity Fampiasana ity, dia *La sy ko* toy ny eo aloha indray atao tonony vao ny tonon-kira voasoratra eo.

Dô dia D.




De- ra, Ha- ja, Ho A-nao, ry Tom- po.

6. Raha ampiarahina ny *liaison* sy ny *point*, dia *am pahefany*  
monja no very ny faharetan' ny noty asiana azy.

Fampiasana 102.

Dô dia E





FANONTANIANA.

1. Inona no hevity ny hirigirika atao eo ambonin' ny noty ?
2. Ahaverezana hoatrinona ny faharetan' ny noty raha *point lavalava* no atao eo amboniny ?
3. Inona no atao hoe *liaison* ?
4. Raha misy noty maromaro asiana *liaison*, vakiteny firy no atao tonony ?
5. Ahaverezana hoatrinona ny faharetan' ny noty raha sady asiana *hirigirika* no asiana *liaison* eo ambaniny ?

HIRA FEO EFATRA.

« MIFANKATIAVA TSARA »

Dô dia E2



*mf* 2 Mifankatiava tsara,  
Mba hahatsara antsika,  
Fa fototry ny didiny  
Sady anton' ny lalany.

*p* 3 Hitsahatra finoana,  
Mbamin' ny fanantenana.  
*mf* Nefa ny fitiavana  
Haharitra mandrakizay.

*f* 4 Mifankatiava tsara,  
Tsy maharatsy namana,  
Ary tsy mahafetitra  
An' Andriamanitra koa.

Tononkira maintimolaly.

## LESONA 20.

Gama mazera.—Feo iray sy an-tsasa-peo.—Gama mazera samihafa

1. Ny *Gama mazera* (gamme majeure) dia noty valo misesy, ary ny feony dia manaraka filaharana voafetra sy vita ho azy hatrany.
2. Ireo noty valo ireo dia misesy toy izao :—

d r m f s l t d'

3. Omena anarana koa hoe degré ny noty tsirairay amin' ireo.

Ny d , degré voalohany ; ny r , degré faharoa, etc.

d r m f s l t d'

degré : 1 2 3 4 5 6 7 8

4. Ny elanelan' ny noty roa, na ny degré roa mifanarakaraka amin' ireo, dia tsy mitovy hatrany hatrany. Ny elanelana sasany lehibe kokoa noho ny sasany.

5. Ny elanelana lehibe dia hita ao

amin'	ny	d	sy	ny	r
"	"	r	"	"	m
"	"	f	"	"	s
"	"	s	"	"	l
"	"	l	"	"	t

Ny elanelana kely dia hita ao

amin'	ny	m	sy	ny	f
"	"	t	"	"	d'

6. Ny elanelana lehibe atao hoe *feo iray* (ton iray).  
Ny elanelana kely atao hoe kosa *an-tsasa-peo* (demi-ton).

7. Ao amin' ny *gama mazera* dia misy elanelam-peo dimy, samy *feo iray* avy ; ary elanelam-peo roa samy *an-tsasa-peo* avy kosa roa.

Ny elanelam-peo dimy samy feo iray avy, dia ao anelanelan' ny  
degré voalohany sy faharoa  
" faharoa sy fahatelo  
" fahefatra sy fahadimy  
" fahadimy sy fahenina  
" fahenina sy fahafito.

Ny *an-tsasa-peo roa* dia ao anelanelan' ny  
degré fahatelo sy fahefatra  
ary ny degré fahafito sy fabavaloo.

8. Raha aseho amin' ny tsipika ireo elanelana ireo dia ho toy izao :—

d	r	m	f	s	l	t	d'
1	2	3	4	5	6	7	8

9. Raha atomboka amin' ny d (Dô antenatenany) ny gama, ary asesy hatramin' ny d' (Dô ambony), dia *gama miakatra* no ilazana azy.

Ohatra :— d r m f s l t d'

10. Raha atomboka amin' ny d' (Dô ambony) kosa, asesy midina hatramin' ny d (Dô antenatenany) dia atao hoe *gama midinu*.

Ohatra : d' t l s f m r d

### Fampiasana 103.

Dô dia C.

|d :— |r :— |m :— |f :— |s :— |l :— |t :— |d' :—  
|d' :— |t :— |l :— |s :— |f :— |m :— |r :— |d :—

### Fampiasana 104.

Dô dia C.

|d . r : m |f . s : l |t . d' . r' |d' . r' : d' |t . l : s |f . m . r |d . t : d

### Fampiasana 105.

Dô dia D.

|d :— |r . m |r :— |m . f |m :— |f :— |s . l |s :— |l . t |d' :— |d' :— |t . l |t :— |l . s  
|l :— |s :— |f . m |f :— |m . r |d :— ||

### GAMA MAZERA SAMIHAFA.

1. Roa ambin' ny folo noisan' ny gama mazera.
2. Misy toetra itoviany dia ity :—Samy vitan' ny noty valo misesy d r m f s l t d<sup>1</sup> izy.
3. Ny mahasamihafa azy kosa dia ity :—Tsý mitovy feo ny Dô amin' izy 12.
4. Samy nomena anarana tsirairay avy ny gama, araka ny anaran' ny litera atao famerana ny Dô aminy.

Ohatra :—

### GAMA A.

Dô dia A.

d<sub>1</sub> :—|r, :m, |f, :s, |l, :t, |d :—||

Io gama io dia mitovy feo amin' ny feon' ny A ny Dô aminy, ka dia izany no anaovana azy hoe GAMA A.

5. Ny gama izay mitovy feo amin' ny feon' ny B ny Dô aminy dia atao GAMA B.

Ohatra :—

### GAMA B.

Dô dia B.

d<sub>1</sub> :—|r, :m, |f, :s, |l, :t, |d :—||

Ary torak' izany amin' ny gama hafa sis.

6. Ny gama fito dia mitondra ny anaran' ireo litera fito A B C D E F G.

Ny Gama dimy sis dia mitondra anarana nalaina avy amin' ny elanelan-peo na an-tsasa-peo avy amin' ireo litera ireo, ary mbola ho hitantsika any aoriana kely.

### FANONTANIANA.

1. Inona no atao hoe *gama mazera* ?
2. Lazao misesy ny noty valo amin' ny gama mazera ?
3. Mitovy ve ny elanelan' ny noty roa mifanarakaraka amin' izy, valo ireo ?
4. Anelanelan' ny degre fahafiry sy fahafiry no misy elanelana: *feo iray* ?
5. Anelanelan' ny degre fahafiry sy fahafiry kosa no misy *an-tsasa-peo* ?

6. Inona no atao hoe : *Gama miakatra* ?
7. Inona no antsoina hoe : *Gama midina* ?
8. Inona no atao hoe : *Gama A* ?
9. Ipona no atao hoe : *Gama B* ?

NOTA... Voalaza eo aloha fa ny *feo valo* mahavita ny *gama mazera* dia manaraka filaharana voafetra, vita ho azy hatrany rahateo, izany hoe *manaraka ordre naturel*, na filaharana vita Nanahary. Ary mahagaga tokoa, satria ao amin' ny firenena maro samihafa eto ambonin' ny tany, ny zava maneno tera-tany sasany na zava-maneno nolovan' ny tera-tany tamin' ny razany dia misy feo milahatra araka ny voalaza. Raha asiana ohatra dia toy izao : *Ly valiha malagasy*, na velomiu *maty dimy*, na *maty roa*, na *lalandava* dia misy ireo *feo valo* ireo. Ny razan' ny Malagasy anefa, tsy isalasalana fa efa nahay nitendry Valiha talohan' ny naha-tongavan' ny Vazaha voalohany teto.

Mety hisy adi-hevitra ihany ny momba ity, nefo dia ho hitantsika ao aoriana ny fanazavana ny Gama samihafa aseho amin' ity Boky ity. Ny nokendren' ny mpanoratra indrintra dia ny hampiseho fa ny *Gama mazera* voalaza eto dia *naturelle* kokoa, raha ampitahaina amin' ny *Gama minera* izay voalaza amin' ny Lesona 23.

Fantatra koa anefa, fa amin' izao andro izao dia mbola misy *Gama* tsy araka ny voalaza amin' ity Boky ity, fanao sy mahazatra ny firenena sasany any Asia na amin' ny toerana hafa.

## LESONA 21.

### Gama Kromatika.

1. Ny elanelam-peo *feo iray na ton iray*, dia mahazo misasaka mba hahatonga *an-tsasa-peo* na demi-ton.

Ohatra :-

Ny elanelan' ny d sy ny r dia mahazo misasaka, ka ny anaran' ny an-tsasa-peo hita ao dia omena anarana hoe di.

Ny an tsasa-peo anelanelan' ny r sy ny m dia ri.

„ „ „ „	f „ „ s „ fi
„ „ „ „	s „ „ l „ si
„ „ „ „	l „ „ t „ ta

2. Raha asesy ho *an-tsasa-peo* hatrany hatrany ny noty rehetra mian, tomboka amin' ny d (Dô an-tenatenany) ka hatramin' ny d' (Dô ambony), dia misy noty 13.

Toy izao no filaharany :-

d di r ri m f fi s si l ta t d'
1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13.

3. Ireo noty 13 misesy an-tsasa-peo hatrany hatrany ireo dia mahatonga *gama anankiray* hafa karezana noho ny *gama mazera*, ary omena anarana hoe *Gama Kromatika* (Gamme Chromatique).

Ny *Gama Kromatika* dia gamá vitan ny noty 13 misesy an-tsasa-peo hatrany hatrany.

4. Ny ri, fi, si, ta, dia soloana ma, ba, la, li indraindray.

Atao mifanitsy eto ambany ny fitovian' ireo :

d di r ri m f fi s si l ta t d'
ma ba la li

5. Ny fihirana ny *Gama Kromatika* dia sarotra, ary amin' ny boky fampianarana mamoron-kira dia rarany aza ny mamorona hira hiraina asiana noty misesy ho Gama Kromatika, indrindra raha hira haingana. Azo atao ihany anefa ny manisy tapatapany Kromatika.

6. Ireo noty vaovao an-tsasa-peo tsy mbola hita amin' ny Gama mazera ireo anefa, dia tokony ho hay avokoa ny feony ka dia bianarana tsiklikely Tandremo ny hahamarina tsara ny feony

Fampiasana 106. (Misy ny fi sy ny ta.)

Ny ta dia tononina hoe tō.)

Dô dia C. Meziora misy temps efatra.

m :-  f :fi  s :-  fi :f  m :-  - :  d :-  t :ta
1 :-  ta :1  s :-  - :  s :fi  f :-  s :fi :s :-
d :t  ta :-  ta :1  s :-  s :fi  s :-  m :r  d :-

Fampiasana 107. (Misy ny si)

Dô dia D. Meziora misy temps telo.

1 :si :1  t :d' :t  1 :- :-  si :- :- :  1 :t :1  si :- :-
1 :- :-  m :- :- :  1 :si :1  d' :t :ta  1 :- :-  si :- :-
1 :si :1  t :1 :si  1 :m :si  1 :- :-

Fampiasana 108. (Misy ny ri, ma, ba).


Dô dia E. (Meziora misy temps efatra,

m :ri  m :ri  m :-  s :-  m :ma r :1  s : :-
1 :-  m :-  ba :si  l :-  1 :-  m :-  ba :si  l :-
d :-  s :-  1 :t  d' :-  d' :-  s :-  1 :t  d' :-
m :ri  m :ri  m :-  s :-  m :ma r :s  d :-  d :-

Ny mihira ny noty amin' ny meziora fahadimy ka hatramin' ny meziora fahavalox dia mety hanahirana, noho izauy dia nasiana noty azo ampi-tovina leo aminy izay mora hiraina kokoa eo anubaniny ; ka hirao aloha ny noty eo ambany vao mihira ny noty eo ambony.

Fampiasana 109. (Misy ny *la*, tonony hoe lô, hampiavaka azy amin' ny l tsotra).

Dô dia A. Meziora misy temps telo.



### FANONTANIANA.

1. Inona no atao hoe *Gama Kromatika* ?
2. Lazao azy ny anaran' ny noty 13 amin' ny Gama Kromatika ?
3. Inona no anaran' ny noty asolo ny *ri, fi, si, ta* indraindray ?

### LESONA 22.

Ny Dièse (#) sy ny Bémol (b).

Ny Litera dimy famerana ny Dô fanampin' ny Fito efa voalaza.

1. Ny *dièse* (#), dia famantarana ampiarahina amin' ny noty anankiray na litera anankiray mba *hampisondrotra an-tsasa-peo* ny feony.

**OHATRA** : — C # (C dièse) dia ambony an-tsasa-peo noho ny C. Sahala amin' ny mahasamihafa ny di sy ny d.

2. Ny *bémol* (b) dia famantarana ampiarahina ami' ny noty anankiray na ny litera anankiray mba *hampidina an-tsasa-peo* ny feony.

**OHATRA** : — Bb (B bémol) dia ambony an-tsasa-peo noho ny B. Sahala amin' ny mahasamihafa ny t sy ny ta.

3. Efa voalaza tamin' ny **LESONA 3**, fa ny famerana ny Dô amin' ny hira dia Litera fito ny fotony, dia ireto :— A B C D E F G. Nefà voalaza koa fa mbola misy fanampiny miankina amin' ireo, dia ireto :—

1. B b
2. C # na D b (iray ihany ireo, anarana roa samihafa nefà mitovy seo)
3. E b
4. F # na G b (iray ihany koa ireo)
5. A b.



4. Koa ny totalin' ny Famerana ny Dô amin' ny hira dia 12. Izao no filaharany :

A,	Bb,	B,	C,	C #,	D,	Eb,	E,	F,	F #,	G,	Ab.
na											na
Db											Gb
1,	2,	3,	4,	5,	6,	7,	8,	9,	10,	11,	12.

5. Ny filahatry ny feon' ireo litera ireo dia toy ny filahatry ny feon' ireto noty ireto :—

1. ta, t, d, di, r, ri, m, f, fi, s, si

1, 2, 3, 4, 5, 6, 7, 8, 9, 10, 11, 12.

6. Ireo litera 12 voalaza eo ambony ireo izay famerana ny feon' ny Dô. dia tonga anaran' ny *gama mazera* 12 koa.

### FANON FANIANA.

1. Inona no atao hoe *diese* (#) ?
2. Inona no atao hoe *bénol* (b) ?
3. Anelanelan' ny litera iza avy ny Bb ?
4. Aiza no toerana misy ny Eb ?
5. Inona no litera mitovy feo amin' ny C# ?
6. Iza no mitovy feo amin' ny F# ?
7. Anelanelan' ny inona ny Ab ?

### HIRA FEO EFATRA.

«MBA HEVERO, RY MPANOTA.»

Dô dia D. Moderato.

:d', d'	d'	:-, d'	:s, s	s, m	:-,	m, m	s	:-, s	:s, s	s, :-,
:m, m	m	:-, m	:m, m	m, d	:-,	d, d	t,	:-, r	:f, r	m, :-,
:s, s	s	:-, s	:d', d'	d', s	:-,	s, s	s	:-, t	:r', t	d, :-,
:d, d	d	:-, d	:d, d	d, d	:-,	d, d	s	:-, s	:s, s	d, :-,
f	Mbahe ve-	ro, ry mpa-	no ta,			Ny na-	taon'	ny Tompo-	nao:	

:d', d'	d'	:-, d'	:m, m	m, m	:-,	m, m	s	:-, f	:m, r	d, :-,
:m, m	m	:-, m	:r, r	d, d	:-,	d, m	r	:-, d	:d, t,	d, :-,
:s, s	s	:-, s	:si, si	1, 1	:-,	1, d	t	:-, l	:s, f	m, :-,
:d, d	d	:-, d	:m, m	1, 1	:-,	1, 1	s,	:-, s	:s, s	d, :-,
p	I- zy tsy	maba na-na-	naota,			Ne- fa- to-		nga so- lo-	nao	

:r, r	r	:-, r	:s, f	f	m	m, m	m	:-, m	:l, m	s, :-,
:t, t	t	:-, t	:t, t	r	d	d, d	di	:-, d	:di, di	m, :-,
:s, s	s	:-, s	:s, s	s	s	s, s	1	:-, 1	:l, l	l, :-,
:s, s	s	:-, s	:s, s	d	d	d, t	1	:-, 1	:l, l	r, :-,
p	He- ny la-	ni tra na- foi	ny	Mba hi- di-				na- ny ta- ty;		

:fi, fi	fi	:-, fi	:l, l	l	:s	:d', d'	t	:-, t	:l, l	s, :-,
:r, r	ri	:-, ri	:f, fi	fi	m	m, m	r	:-, r	:d, d	t, :-,
:l, l	t	:-, t	:t, t	t	t	s, s	s	:-, s	:fi, fi	s, :-,
:r, d	t	:-, t	:t, t	m	m	d, d	r	:-, r	:r, r	s, :-,
O-lom-be-	ry	no a-	ntsoi-ny			Mba ha-	ndo-	va	ny a-	ry.

:d', d'	d'	:-, d'	:r', d'	d', t	:-,	:l, l	l	:-, l	:s, f	m, :-,
:m, m	m	:-, m	:m, m	f, f	:-,	f, f	f	:-, f	:m, r	d, :-,
:s, s	s	:-, s	:s, s	s, s	:-,	t, t	r	:-, s	:s, s	s, :-,
:d, d	d	:-, d	:d, d	r, r	:-,	s, s	s	:-, s	:s, s	d, :-,
f	Mbahe ve-	ro, ry mpa-	no ta,			Ny na-	taon'	ny Tompo-	nao:	

:d ,m | s :-. s :d' ,ta ta :l :t ,t | d' :-. s :s ,f | m :-
   
 :d ,d | m :-. m :s ,s | s :f :ri..ri | m :-. m :m ,r | d :-
   
 :m ,s | d' :-. d' :d' ,d' | d' :d' ,d' | d' :-. d' :s ,s | s :-
   
 :d ,d | d :-. d :m ,m | m :f :fi..fi | s :-. s :s ,s | d :-
   
 I- zy tsy mba na-na- na o- ta Ne- fa-to- nга so- lo- nao.

P 2 Mba hevero, ry mpanota,  
Fa njaly Jeso tia,  
Maty tany Golgota  
Mba hamory ny mania.  
Indro latsa-dra ny Tompo,  
Nefy tsy mba diso re!  
Fa nisolo ny mpanompo  
'Zay nanohitra elabé.

m f 4 Mba hevero, ry mpanota  
Ny fifonana aminao  
Hahafozanao ny ota  
Tena fahavalonao.  
cres. Manatona hovonjena  
Sao hiharan-doza be!  
Manatona, fa homena  
Fifalian-dchibe.

P 3 Mba hevero, ry mpanota,  
Atatsaho ao am-po:  
Mahavery re ny ota  
Raha tsy voadio ny fo.  
mf Mangataha ankehitriny  
Diu hodiovin'i Jeso,  
Fa izany no iriny  
Mba handraisanao ny soa

m f 5. Mbahevero, ry mpanota,  
Inona ary no hatao?  
m f Aza mety resin' ota,  
Tiavo Jeso Tomponao.  
cres. Ny Lalany no araho.  
Sitrapony tontosay;  
/. Nefy Izy angatoka.  
Homba anao mandrakizay

H. Randzavola.

Ity hira feo efatra ity, dia tsy maintsy hatao hay tsara aloha ny solfa. Atao marina tsara ireo an-tsasa-peo ireo. Ary ny misy ⌂ (point d'orgue) amin' ny faramparany tanteraho tsara.

Rehefa mihira ny tonin-kira, dia avereno indray ny *an-dalany efatra voalohany* isan' andininy, manampy ny isan' andininy mba bifandany amin' ny Solfa. Ary ny *maf* sy ny *malemy* araho araka ny voalaza.

## LESONA 23.

### GAMA MINERA.

1. Ny *Gama minera* (Gamme mineure) dia karazana Gama anankiray indray. Noty valo misesy toy ny isan' ny noty amin ny *Gama mazera* no mahavita azy, nefy samy hafa toetra izy roa tonta.

2. Ny *Gama mazera* dia azo lazaina hoe vita ho azy hatrany ambolohany; *naturelle* no teny frantsay ilazana izany, fa ny *Gama minera* kosa dia *artificielle*, izany hoe: Ny olombelona no namboatra azy arak' izay nitiaivany azy. Ho hitantsika amin' ity Lesona ity, fa tsy mba tokana na iray tarika hoatra ny *Gama mazera* ny *Gama minera* fa nanjary bo *Gama telo samihafa karazana*.

3. Ny noty voalohany amin' ny *Gama minera* dia *l* fa tsy mba *d* tahaka ny amin' ny *Gama mazera*.

Ny gama minera karazana voalohany dia ny *gama minera tranainy* Arak' izay hita amin' ny noty tranainy voasoratra amin' ny tsipika dimy, dia toy izao no niandohan' ny *gama minera* —

*l t d r m f s l gama miakatra.*

*l s f m r d t l gama midina.*

Io no *gama minera tranainy*, fanao talohan' ny Siekla faha-16, ary mbola misy mampiasa azy ihany ankehitriny raha ta-haka tahaka ny mozika tranainy.

5. Koa ny *gama minera tranainy* dia noty valo misesy miantomboka amin' ny *l*, misy *an-tsasa peo roa*, dia eo anelanelan' ny *degre faharoa sy fahatelo*, ary eo anelanelan' ny *degre fahafito sy fahavalo*.

6. Ny *gama minera* karazana faharoa dia omena anarana hoe: *gama minera harmonika* (gamme mineure harmonique). Novan' ny olona taty aoriania ny *degre fahafito*, mba bo *an-tsasa-peo* no elanelany amin' ny *degre fahavalo*, izany hoe ny *S novana ho Si*.

Koa dia nanjary ho toy izao ny *gama minera* —

*l t d r m f si l gama miakatra.*

*l si f m r d t l gama midina.*

Ary mbola fanao mandraka ankehitriny io *gama minera* io.

Koa ny *gama minera harmonika* dia noty valo misesy koa miantomboka amin' ny *l*, misy *an-tsasa peo telo* ao aminy, dia ireto —

1. Anelanelan' ny *degre faharoa sy fahatelo*.

2. „ „ „ „ *fahadimy sy fahenina*.

3. „ „ „ „ *fahafito sy fahavalo*.

7. Ny gama minera karazana fahatelo dia ny gama minera mélodika (gamme mineure mélodique).

Ny Italiana kosa nahita fa ny elanelan' ny / sy ny Si dia manahiran-kirana ny mihiro azy, satria feo iray sy sasany no elanelany, hany ka dia nakariny ho / na ba ny /, mba bo feo iray ihany no elanelan' ny degre fahenina sy fahafito. Koa dia tahak' izao izany gama minera izany :-

l, t, d r m ba si l gama miakatra.

l s f m r d t, l, gama midina.

Ny gama miakatra ihany no miova fa ny gama midina sahala amin' ny gama minera tranainy.

8. Roa no antsasa-peo aminy : -

Amin' ny gama miakatra dia,

1<sup>o</sup>. Eo anelanelan' ny degre faharoa sy fahatelo.

2<sup>o</sup>. , , , , fahafito sy fahavalo.

Amin' ny gama midina kosa dia

1<sup>o</sup>. Eo anelanelan' ny degre faharoa sy fahatelo.

2<sup>o</sup>. , , , , fahadimy sy fahenina.

9. Misy noty anankiray izay mampiavaka indrindra ny feon' ny gama minera amin' ny gama mazera dia ny noty fahatelo.

Amin' ny gama mazera, ny elanelan' ny noty voalohany sy fahatelo, izany hoe hatramin' ny d ka hatramin' ny m dia feo roa.

Amin' ny gama minera kosa, ny elanelan' ny noty voalohany sy ny fahatelo, hatramin' ny l ka hatramin' ny d dia feo iray sy sasany.

Amin' ny gama mazera, lehibe io elanelany io, fa amin' ny gama minera kely. Ary izany aza no nahatonga ny anaran' ireo gama roa ireo ho samihafa, ny teny hoe Majeure, lehibe no dikany ; ny hoe mineure, kely.

10. Ny famerana ny Dô amin' ny gama minera, dia ireo litera 12 izay ampiasaina amin' ny gama mazera ihany.

11. Marc ny feon-kira milaza alahelo no atao minera. Tsy dia lalana tsy maintsy harahina anefa izany, satria na ny mazera aza azo anaovana hira malahelo, ary ny minera azo anaovana hira faly koa. Saingy ny saina no mibevitra fa raha atao minera ny hira malahelo dia toa manana endrika malahelo kokoa.

### Fampiasana 110

Dô dia A.

|d :s, |l, :t, |d :s, |l, :t, |d :—|s, :—|d :s, |l, :t, |d :—|t, :—|d :—|d :—||

### Fampiasana 111.

Dô dia C.

|l :m |ba :si |l :m |ba :si |l :—|m :—|l :m |ba :si |l :—|s, :—|l :—|l :—|l :—||

Ianaro mitokana avy aloha ireo Fampiasana roa eo aloha ireo, ka rehefa hay dia atambaro ho toy ny Fampiasana iray izy roa, satria mitovy ny feony

### Fampiasana 112.

Dô dia C.

|l, :—|t, |d |r :m |ba :si |l, :—|l, :—|s, :f  
|m :x |d :t, |l, :—|l, :—||

### Fampiasana 113.

Dô dia G.

|l, .t, :d .l, |m .x :d 'r .d :t, .r] |d .t, :l,  
|l, .t, :d .x |m .f :s 'm .x :d .x |d .t,  
|l, :—|s, :—|l, :—|l, :—||

### Fampiasana 114.

Dô dia Bb. Meziora misy temps efatra

l, .si, :l, .t,  d :t,  l, :m,  l, :—	l, :t,  d :l,  s, :—
l, .t, :d .x  m :d  t, :l,  s, :—	l, .d :t, .l,  s, :—
l, .m, :ba, .si,  l, :— l, .d :t, .l,  s, :—	d :x,  m :—
l, .m, :ba, .si,  l, :t,  d :x,  m :—	d :t,  l, :—
l, .t, :d .f  m :x  d :t  l, :—	

## FANONTANIANA.

1. Lazao ny anaran' ny noty valo, gama miakatra, amin' ny *gama minera trana iny* ?
2. Aiza avy no *an-tsasa-peo* amin' ireo noty valo ireo ?
3. Lazao ny anaran' ny noty valo, gama miakatra amin' ny *gama minera harmonika* ?
4. Iza no noty vao novana ka mahatonga azy tsy hitovy amin' ny *gama minera trana iny* ?
5. Lazao ny anaran' ny noty tsirairay, gama miakatra, amin' ny *gama minera melodika* ?
6. Lazao koa ny noty amin' ny *gama midina* ?
7. Ny noty fahafiry no manavaka indrindra ny *gama minera amin' ny gama mazera* ?
8. Feo firy na *ton firy* no eo anelanelan' ny degré voalohany sy fahafelo amin' ny *gama mazera* ?
9. Ary feo firy kosa amia' ny *gama minera* ?

## « LASA RE ILAY NAZOTO ».

Dô dia F. Miadena.

{m,f	m	-m	m,r	r	d	d,d	r	-r	d,r	m	-
:d,r	d	-d	t,t	t	d	d,d	l	-d	d,d	t,	-
:l,,l	l	-l	:s,,s	s	:l	l,,l	l	-l	:l,l	s,	-
:l,,l	l	-l	m,,m	m	:l	l,,s	f	-f	:f,f	m,	-
p Lasa re	i-	lay	na-	zo-	to	Nody	ao	an-	ta-n	soa	

{m,f	m	-m	m,r	r	d	f,f	m	-d	r,r	d	-
:d,d	d	-d	:d,t	t	:d	d,d	d	-s	:s,s	s,	-
:s,,l	s	-s	:s,f	f	:m	l,,l	s	-m	:f,f	m	-
:d,d	d	-d	:s,,s	s	:l	f,,f	s	-s	:s,s	d,	-
Zayna- no- mpo	tamin	jo-	to		Ka na	he-	fa	be to		koz	

{M,M	m	:x	:x,r	r	:d	l,,l	s	-d	:r,m	d	-
:d,d	t	:t	:t,,t	t	:d	d,d	d	-s	:t,t	d	-
:s,s	s	:s	:s,,s	s	:l	f,,f	m	-m	:f,s	m	-
:d,d	m	:m	:m,,m	m	:l	f,,f	s	-s	:s,s	d	-
f In-dro	fa	ly	In-dro	fa	ly	Fami	ji	nja	vo-ka-tsoa.		

p 2. Lasa nody, fa voantso :

"Miakara" hoy ny Ray :

mf Kafafao ny ranomaso

Jeso Tompo no mandray

Faly, ravo,

Fa tafakatra ao tokoa.

p 3. Lasa re ilay nihafsy,

Ory tena, be nanjo.

cr. Fa nanohitra ady mafy.

Nefa mba nahery fo,

mf Ka nandresy

Fahavaloo maro be.

mf 4. Afak' ady ka nifaly,

Fa tsenainy hatraty,

cr. Afak' ota, afajaly,

Ka mihiby hatraty :

f Hoy ny Tompo :

ff Mandrosoa, ka misiala.

## LESONA 24.

Hevitry ny teny hoe TON.

1. Efa hita tamin' ny Lesona 20, fa ny hoe TON dia entina hilaza elanelan ny noty roa misanarakaraka amin' ny gama, toy ny elanelan' ny d sy ny r na ny r sy ny m.

Ton iray, na feo iray no ilazana izany elanelana izany. Ary raha sendra misanarakaraka kokoa ny elanelan' ny noty roa toy izay hita amin' ny m sy ny f ary amin' ny t sy ny d, dia atao hoe demis-ton na an-tsasa-peo izany elanelana izany.

2. Hevitry hafa noho ny voalaza eo aloha momba ny TON.

Amin' ny mozikia dia misy ambaratonga 12, izay azo ifidianana hanorenana ny hira foronina. Izany hoe : Ny ambarotonga tsirairay amin' ireo dia samy misy ny feo rehetra amin' ny gama telo karazana, na gama mazera, na minera, na Kromatika.

Koa ny ambaratonga tsirairay amin' ireo dia omena anarana hoe TON na TONALITE.

Ny ambaratonga voalohany na ny Ton voalohany dia omena anarana hoe TON A. Ary ny Gama amin' io Ton io dia atao hoe Gama A. Ary ny hira noforonina avy amin' ny noty nalaina tamin' io ambaratonga io dia lazaina hoe : Hira amin' ny Ton A; ary dia ferana eo am-boalohany hoe : Dô dia A.

OHATRA :—

Dô dia A. Fampiasana 115.



Raha tiana ho ambony kely kokoa ny hira, dia amin' ny TON Bb no anaovana azy, fa io no ambaratonga fabaroa. Raha tiana ho ambonin' izay indray dia amin' ny TON B, ambaratonga fahafita.

Ny filahatr' ireo ambaratonga 12 ireo dia toy ny filahatr' ireo litera famerana ny feon' ny Dô.

A, Bb, B, C, C $\sharp$ , D, Eb, E, F, F $\sharp$ , G, Ab  
1, 2, 3, 4, 5, 6, 7, 8, 9, 10, 11, 12

Koa dia anjaran' ny mpamoron-kira ny mifidy ny TON izay heveriny hatsara ny hira foroniny.

Dia hitantsika amin' izany, fa ireo Litera 12 ireo dia manana asa telo loha, samy hafa, nefo iray fototra ihany :—

1. Atao famerana ny Dô amin' ny hira foronin ny mpamoron-kira izy ireo.

2. Atao anaran' ny Gama samy hafa.

3. Atao anaran' ny TON na ambaratonga akana ny noty amoronana ny hira.

## HIRA VANTANA NA HIRA MIVALANA.

Hira inona no lazaina ho toy izany ? Valiny :—Hira izay natomboka nohiraina amin' ny TON anankiray, ohatra amin' ny TON A, nefo nony tonga eny an-tenatenany, miala amin' io TON A io ny feon' ny mpihira, indraindray lasa ambony kely, fa matetika midina ambony kely.

Raha mirakaraka amin' ny Harmonia na zava maneno hafa ny hira, miharibary ny mahavantana ny feo. Ny feo izay manjary tafasondratra tsy fidiny ambonin' ny TON nanombohana ny hira na ny feo, tafidina ambony kokoa, dia tonga tsy zakan' ny sofina ho hejoint intsony, toy ny tsy fahazakan' ny maso mijery an-dalam-biriky mahitsy ny fiantombohanay nefo manjary mibirijoka miakatra na midina ny tohiny.

Indraindray raha misondrotra ihany ny feon' ny mpihira dia manjary mivoa TON mahitsy. Ilay hira natomboka tamin' ny TON A tonga tafakatra amin' ny TON Bb; ary raha mireraka midina ihany kosa ny feon' ny mpihira dia mety ho tafafindra TON koa ho tonga amin' ny Ab, Hay natomboka tamin' ny TON A.


Mbola holazaina any aoriana ny Hira mivoa TON. Izany hoe : Hira iniana ovana TON, fa tsy fiovana TON tsy fidiny vekatry ny tsy fahatana ny feo marina, izay lazaina hoe Hira vantana na Hira mivalana.

## HIRA DISO AVO LOATRA, NA DISO IVA.

Ny Hira toy inona kosa no antsoina hoe diso avo loatra na diso iva loatra? Izany dia ny hira hiraina amin' ny TON tsy tandrisin' azy, ka tonga manahirana ny mihira azy.

Inty an-dalan-kira anankiray.


Fampiasana 116. Dô dia C.



Ity hira ity diaefa avo rabateo sahadys, nefo raha hiraina amin' ny TON E na TON F io dia ho diso avo loatra, manjary hira mikiakiaka tsy mahafinaritra ny sofina.

Inty kosa an-dalan-kira iray.

Fampiasana 117. Dô dia G.



Hira amin' ny TON G io, nefo raha hiraina amin' ny TON D dia hibarera diso iva loatra.

Ny mahatonga ny hira ho diso TON dia matetika tsy manana Diapazô ny mpitarika hira, ka dia mitarika kinangananga fotsiny.

## FANONTANIANA.

1. Milazà noty roa mifanarakaraka izay TON iray no elanelany ?
  2. Lazao koa ny hevitry ny hoe TON izay tsy mitovy hevitra amin' izany.
- Valiny : Ny TON dia ambaratonga iray amin' ny hira misy ny noty rehetra amin ny Gama telo, na Gama Mazera, na Gama Minera, na Gama kromatika.
3. Firy no isan' ny TON ?
  4. Inona no anarana manavaka azy avy ?
  5. Inona no atao hoe : hira mivalana ?
  6. Inona no atao hoe : Hira diso avo loatra ? Ary Hira inona no antsoina hoe : Diso iva loatra ?
- 

**"Raha tiana"**

D6 dia Eb Andante.

1 Raha tiana i-zany ra-y Layna ha-ry, nana-so-a Tonga

(dotted line)

1 f :t.,l s :d' :s.,f m :s :r.,m | r :d  
f :x :x.,t d :m :m.,r d :d' :s.,d t :d  
d' :d' :s.,s d' :s :d',l s :m :f.,s f :m  
f :l :s.,f m :d :m.,f s :s :s.,s s :d  
za-va-tratsy ha-y. Nyha di-tra, tsy ha no-a.

(dotted line)

2 Raha tiana izany reny,  
Tiana tsy mba vazivazy,  
Dia tsy zaka mantsy—eny,  
'Zany hampanjonitra azy.

3 Raha tiana, tena tiana,  
Na ny zoky na ny zandry,  
Ka iharam-pahoriania,  
Dia ny saina no tsy mandry.

4 Raha tiana ny solofo,  
Dia ny zanaka amam-para,  
Halavirina mpifofo,  
Ka amoizana ny tsara.

5 Raha tiana ny sakaiza,  
'Lay nitoky, itokiana,  
Tsy ariana na aiza na aiza,  
'Ndrindra fa an-karatsiana.

6 Raha mamy sady tiana  
'Zany vady silak'aina,  
Satry ihany hitsikiana,  
Fa ny fony tsy ratraina.

7 Ny fitiavana, ry lahy,  
Ny fitia tsy mety miofo,  
Tsy mba hita—fa fanahy,  
Nefy manana porofo.

Jean NARIVONY.

## LESONA 25.


Mélodie na Chant.— Accompagnement.

1. Ny teny frantsay hoe *mélodie* dia feo tsirairay tafatambatra mety hahafinaritra ny sofina, ary raha tsorina dia azo adika hoe *hira*, na *feon-kira*.

2. Ny feo abhalalana ny *mélodie* dia tsy miova, na dia fomba samihafa aza no ihirana azy.

Inty hira iray feo tokana *mélodie* anankiray :—

Dô dia D.



Io hira io dia *mélodie* anankiray, ka na olona iray na olona maro no mihibra azy, dia *mélodie* ihany io. Ary na hiraina amin' ny noty, na asiana tonony, na siabina, na atao feo mirgonongouina fotsiny dia tsy mampiova ny malha-*mélodie* azy.

3. Ny olona rebetra anefia dia samy mety habaforona *mélodie*, na dia izay tsy nianatra lalana kely akory momba ny mozika aza. Ohatra ;— Zazalahy kely anankiray, npiandry ondry eny an-tsaba eny, tsy nahita fianaranana akory, misiatsaka eo izy, toa variana tsy mihevitra na inona na inona akory, nefà mahafocna *mélodie*, hira mahalinaritra ny sofina mihitsy.

4. Ny *mélodie* amin' ny olona sasany kosa, dia vokatry ny eritreritra alefan' ny saina, na sarin' ny hevitra na zavatra hita sy re, ka tiana baseho amin' ny feon-kira.

5. Ny *mélodie* dia mety banana toetra samihafa. Mety ho hira faly sy matisika, mety ho hira malahelo sy mitaredretra ; mety ho lava, mety ho fohy ; indraindray tsotra na tsy misy bevinuy loatra, nefà misy kosa manaitra sy mahavariana erÿ. Ao ny mandranitra ny filan' ny nofo, nefà ao koa ny mahahontsa sy mampieritreritra lalina ary mampisondrotra ny fanahy hiakatra kosa.

### ACCOMPAGNEMENT.

1. Ny *mélodie* dia tsy mandeha tokana lalandava, fa matetika misy feo hafa ampiarahina aminy. Koa ny feo miaraka amin' ny Mélodie dia atao hoe *accompagnement*.

2. Ny *accompagnement* dia mety ho feo tokana hatrany hatrany, ary mety ho feo roa na telo na mihoatra aza,

3. Ny famoronana *accompagnement* dia mety ho vitan' olona tsy nianatra lalà-mozika koa indraindray. Fanomezana avy amin' ny natiora, na vokatry ny fahazarana manao. Nefà amin' ny olona maro kosa indrin- dra amin' ny mozika sarotra dia ilana fianaranà izay atao hoe *harmonie* fahalalana ny *accords* sy ny kajakajany rehetra momba ny famoronana-kira.




4. Ny *mélodie* dia atao hoe koa *Chant*. Amin' ny hira misy feo samihafa ampiarahina dia ny *mélodie* na ny *Chant* no feo *ahalalana ny hira*, ary fototry ny hira. Noho iziny, ny *mélodie* na ny *Chant* dia tsy tokonv havela ho safotry ny *accompagnement* rehetra ampiarahina, satra ny *accompagnement* dia feo ànampy ny *mélodie* mbà hanohana sy hanatsara azy fa tsy natao hamono na hînimba azy kosa.


5. Ny feo voalohany no matetika atao *mélodie* raha misy feo maromaro indray miaraka. Nefà ny feo faharoa na ny fahatelo na ny sahefatra dia samy azo atao *mélodie* koa, ary ny feo hafa rehetra kosa no tongi *accompagnement*.

Inty hira anankiray ary ny feo voalohany no *mélodie*, fa ny feo sisà *accompagnement*.

### Fampiasana 118.

Dô dia G.





## FANONTANIANA

1. Inona no atao hoe *mélodie* ?
2. Inona no atao hoe Accompagnement ?
3. Raha atao indray mihira ny *mélodie* sy ny *accompagnement*, iza amin' iréo no tokony ho re mazava kokoa ?
4. Nahoana no tokony ho re mazava kokoa noho ny *accompagnement* ny *mélodie* ?



## LESONA 26.

Fiovana ton na Fiovana Dô.—Modulation.


1. Ny hira anankiray izay voasoratra amin' ny *ton anankiray*, dia azo afindra amin' ny *ton hafa*, nefà tsy bivoa ny *mélodie* na ny feo ahalalana azy. Tsy bivoa koa ny anaran' ny noty, fa ny fahavony na ny fahivan' ny hira no mivoa.

Eto ambany dia misy hira anankiray izay voasoratra amin' ny Ton A, ary dia nafindra amin' ny Ton B sy amin' ny Ton C.


a) *Fampiasana* 119—Dô dia A.



b) *Fampiasana* 120 Dô dia B.



c) *Fampiasana* 121 Dô dia C.



Ireo Fampiasana telo ireo dia hira iray ihany, na *mélodie* iray ihany nefà ny fahavony tsy mitovy.

Ary na dia hafindra amin' ny TON 12 samihafa aza io hira io, dia tsy bivoa ny feo ahalalana azy ; saingy ny hira no ho lasa ambony loatra amin' ny *ton sasany*, ary ho diso ambany loatra kosa amin' ny *ton sasany*.

2 Ny anton' ny ilazana izany dia izao :

a) Misy hira voasoratra, nefà ny feon' ny olona hihira azy dia mety ho samihafa. Ny sasany mahatratra feo ambony, ny sasany mahatratra feo antenatenany, ary ny sasany iva feo ; koa dia azo atao ny manova ny ton mba ho antonona ny feon' ny olona mihira azy ny hira.

Ny hira vazaba sasany, indrindra ny hira hirain' olona tokana, dia misy voasoratra amin' ny *ton roa* na telo samihafa, ka dia samy maka ny antonona azy ny mpihira.

(b). Ny hira hirain' olona maro indray miaraka dia efa nokendren' ny mpamorona azy ny ton tandrifiny ; noho izany, ny olona izay mitarika hira dia tokony banana diapazô mba tsy hahadiso ambony la ambany loatra ny hira.

Ny olona izay efa zatra mitarika hira anefa dia mety hahita ny *ton marina*, na dia tsy manana diapazô aza.

Izao zavatra izao anefa dia efa hita koa :— Ny feon' olona dia tsy ary mitovy, satria misy efa toe-peo tsy azo ovana ; ary afa-tsy izany, matetika ny feo mahazo mivoa ihany koa, ny zatra mihira na ny mazoto

manao fampiasana feo dia mety hahatratra ambony kokoa noho ny hafa, hany ka na dia efa voakendrin' ny mpamorona ho amin' ny antonony aza ny ton, dia mety tsy ho antonony amin' ny sisany ihany.

(3) Ny hira anankiray dia azo soratana na hiraina amin' ny ton, samihafa. Samihafa ny ton, samihafa koa ny noty, nefas ny *mélodie*, na ilay feon kira alhalalana azy, tsy miova ; ary ny fahavony na ny fabivany tsy miova koa.

Hofanazavana izany dia misy *mélodie* anankiray eto ambany izay baseho amin' ny TON dimy samihafa.


a) *Fampiasana 122*

Dô dia C.




(b) *Fampiasana 123*

Dô dia G.




(c) *Fampiasana 124*.

Dô dia D.




(d) *Fampiasana 125*.

Dô dia A.



(e) *Fampiasana 126*.

Dô dia E.




Ireto fampiasana dimy ireo dia mitovy feo avokoa, na dia samihafa aza ny ton sady samihafa koa ny noty. Izao anefa no hita :—amin' ny ton sasy, morainora kokoa ny fihirana ny noty ; fa amin' ny sasy sarotra sady hafahafa mihitsy sy mila tsy ho hay hiraina, na dia tsy miova aza ny *mélodie*. Noho izany, ny mpamoron-kira amin' ny solfa dia misidy mandrakariva ny ton izay mahatsotra sy mahamora ny fihirana noty. Amin' ireo fampiasana dimy eo ambony eo ireo, dia hita fa na dia sahala feo aza izy rehetra dia ny voalohany no tsotra sy mora indriindra.

4. Amin' ny hira sasy dia mety ho tsotra hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany ny fandeban' ny noty fa amin' ny hira sasy kosa, tsotra sy mora ihany amin' ny fiandohany, nefas nony tonga eny an-tenatenany dia misy amin' ireo an tsasapeo ri, fi, si, ta, etc mitranga, ka mihasarotra ny fihirana ny noty. Noho izany, ny tapa-kira sasy dia ovana Ton mba hahatsotra kokoa ny fihirana ny noty.

Ohatra :-

*Fampiasana 127.*


Dô dia D.




Io Fampiasana 127 io dia tsy miova ton, nefas eto ambany dia ovana ton kosa ny tapany an-tenatenany.

Ny tapany voalohany amin' ny Ton D ; ny tapany faharoa amin' ny Ton A ; ny tapany farany miverina amin' ny Ton D.


Dô dia D.



Dô dia A.



Dô dia D.



5. Matetika rehefa lava ny hira, mba tsy hahamonamoinaina na hampanjary azy ho dridralava iray ihany hatramin' ny farany, dia zarain' ny mpamoron kira toko roa na telo ny hira iray, ka isan-tokony dia ton samihafa no hirana azy.

6. MODULATION. Ny hira sasy araka ny efa voalaza dia mety ho voazarazara toko roa na telo samihafa ton. Nefas na dia ny toko iray amin' ireny aza dia mety hisy fiovana ton indray. Misy aza miova ton saiky isaky ny frazy. Ny *musique moderne* dia be fiovaovana ton thakha izany. Ity fiovana ton eny an-tenatenany ity dia atao hoe : *Modulation* amin' ny teny frantsay.







## FANONTANIANA.

1. Azo atao ve ny manova ny hira amin' ny ton hafa ?
2. Inona no antony anovana ton ny hira ?
3. Inona no atao hoe *Modulation* ?

Inty hira iray koa, ary ny *Tenor* no natao mélodie, fa ny feo hafa sisa manao accompagnement.

*Fampiasana 128.*

Dò dia Eb. Andante.

*Parany.*

## LESONA 27.

Lalàna arabina raha manova ton ezy an-teratena-hira.


1 Amin' ny solfa teo aloha dia niasa ny teny hoe *ky*, avy amin' ny teny angle hoe *key*. Taty aor'ana dia miova indray io ka nanjary hoe *kilé*, avy amin' ny teny frantsay hoe *Clé*. Ankebitriny anefa dia samy tsy ampiasaina intsony amin' ny solfa irec teny roa ireo. Ny teny frantsay milaza ny hevit' izany amin' ny *musique* no asolo azy amin' ity boky ity, dia ny hoe Ton. Koa ilay nolazaina teo aloha hoe : ky A na kilé A dia lazaina kosa ankebitriny hoe :— Ny Ton dia A na Dô dia A. Ary ilay natao taloha hce : *Miova ky na Miova kilé*, dia atao kosa ankebitriny hoe : *Miova Ton*, na *Miova Do*, izany hoe *Miova ny feon' ny Do*.

Eto ambany dia misy Fampiasana anankiray izay miova Ton na miova Dô eny an-tenatena hira :—


*Fampiasana 129.*

Dô dia F

Dô dia C



Dô dia F



Ny meziora efatra voalohany amin' io Hira io dia amin' ny Ton F, ka dia misy filazana eo hoe : Dô dia F. Ny meziora efatra manaraka dia miova Ton ary misy filazana hoe Dô dia C. Ny meziora valo sisa dia miova Ton indray, miverina amin' ny Ton voalohany ka dia asiana filazana indray hoe : Dô dia F.

2. Izao no lalàna arahina raha manova Ton na Dô eny an tenatena-hira :—

Ny noty voalohany amin' ny *Ton vaovao* dia tinginana noty izay mitovy feo aminy eo amin' ny *Ton eo aloha*. Atao madinika ilay noty atingina eo, ary atao eo ambony an-kavian' ilay noty asiana azy, dia soratana eo amboniny ny *Ton vaovao* anovana azy.

Araho ny Fampiasana 129 hanazavantsika izany lalàna izany :—

Ny meziora efatra voalohany dia amin' ny Ton F, ary misy filazana eo ambony hoe Dô dia F. Miova ny Ton acrian' izay ka dia faranana *dobra-bara* ny meziora farany.

Ny meziora efatra manaraka dia miova Ton. Ny noty voalohany eo dia d', kadia tinginana noty madinika seo ambony an-kavian' io d' io. Ny hevit' izany dia izao :— Ny feon' io s io no mitovy feo amin' io d' asiana azy io ka rehefa mihira io d' io dia ny feon' ilay s no atao feony. Izany no manazava ilay voalaza hoe Miova Dô na miova ny feon' ny Dô satria tsy ny feon' ny Dô eo aloha intsony no feon' io Dô io, fa ovava hitovy amin' ny feon' ny s.


Ireo meziora efatra izay miova ton ireo dia atao *dobra-bara* indray ny *bara farany*. Aorian' izany dia miova ton indray ny meziora sisa rehetra, miverina amin' ny Ton F. s no noty voalohany eo, ary satria ovana hitovy feo amin' ny d' eo aloha ny feony, noho izany dia tinginana d' noty madinika eo ambony an-kaviany. Ary satria miova indray ny Ton na ny feon' ny Dô dia asiana filazana indray eo hoe Dô dia F.

3. Rehefa mazava amin' ny mpianatrà ity, dia aoka hohiraina io fampiasana io.

Dia ataovy koa ity Fampiasana 130 ity.

Dô dia C.

Do dia F.



FANONTANIANA.

1. Inona no hevity ny hoe Miova Dô ?

2. Amin' ny Fampiasana 129, inona no anton' ny s noty madinika atingina eo ambony ankavian' ny noty d' amin' ny fiandohan' ny meziora fahadimy.

## LESONA 28.

Fampiasana sy hira msy fiovana ton eny an-tenatenany.

*Fampiasana 131. Feo tokana.*

Dô dia F.

Do dia C.

|d :s, |l, :t, |r :— |d :— ||r:s |d |t :t |d :— |— :||

Dô dia F.

|s:m |f :x |m :— |r :— |f:m |r :x |d :— |— :— ||

*Fampiasana 132. Feo roa.*

Dô dia C.

Dô dia G.

{|s :f |m :d |f :l |s :— , |f:m |r :d |t, :r |d :— ||  
|m :x |d :d |r :f |m :— , |m :l, |s, |f, :m, |r, |f, |m, :— ||

Dô dia C.

Dô dia G.

{|'d' |d' |r' :s |d' |d' |t :— , |'m :s |f :m |r :t, |d :— ||  
|m :m |s :s |m :f :s :— , |'d :s, |l, :s, |s, |f, |m, :— ||

Dô dia C.

{|'d's :s |l :t |d' |x' |m :— |m' |x' |d' |r' |d' :t |d' :— ||  
|d'm |f :f |m :s |d' :— |s :f |s :l |s :f |m :— ||

*Fampiasana 133. Feo telo.*

Dô dia D.

Dô dia Ab.

{|m :s |d' :t, |s :f |m :— |r :s |d |t, :f |m :x |r |d :— ||  
|d :m |m :s:f |m :x |d :— |'d :d :m |r :l |s :f |m :— ||  
|d :d |d :f |s :s |d :— |t, |m, |d |s, :s, |s, :s, |d, :— ||

Dô dia Db.

{|'d' |d' |t :l |s :f |m :— |l :s |f :m |r :x |r |d :— ||  
|t, |m |f :d |d :t, |d :— |d :d |t, |d :— |d :t, |d :— ||  
|d :d |r :f |m :x |d :— |f :m |r :d |s :s, |d :— ||

## HIRA FEO EFATRA.

« Ry Jeso ô ! midina. »

Dô dia D. Moderato.

{|m:f |s :— .s |l :s:f |m :d | :s |s :— .m |s :f:m |r :— |— ||  
d:r	m :— .m	f :x:t	d :d	:m	m :— .d	m :r:d	t, :— /—	
s :d' :— .d	d' :t,	s :m	:d' d' :— .s	s :s :—	—			
d :d :— .d	d :d	d :d	d :— .d	d :t,d	s, :—	—		
1.Ry Je- so ô ! mi- di- na, Je- reo 'za-hay i- zao

{|d:r |m :— .s |l:s:1.t |d' :s | :l |s :m |r :— .m |d :— |— ||  
d :d :— .d	d :d	d :d	d :— .f	m :d	t, :— .t	d :—	—		
m:f	s :— .m	f:m	f:s	s :s	:d' d' :s	f :— .s	m :—	—	
d :d :— .d	d :d :d:r	m :m	if	s :s	s, :— .s	d :—	—		
A- tre- ho sao va- ria- na, Ka tsy ma- hi- ta A- nao

Dô dia A.

{|'d |d :— .d |r :— .r |m :d | :f |m :s |r :— .r |d :— |— ||  
's,	s, :— .s	s, :— .s	s, :m,	:l,	s, :d	t, :— .t	d :—	—	
't	m :— .m	t, :— .t	d :d	:d	d :m	f :— .f	m :—	—	
'd	d :— .d	s, :— .s	d :d	:f	s, :s,	s, :— .s	d :—	—	
Ha- zo- ni-nao ny sai- na, Hi- je- ry tsa- ra A- nao,

Dô dia D.

{|'d:s |s :— .m |d' :t, |s :m | :l |s :m |r :— .m |d :— |— ||  
't,f	m :— .d	f :x:t	d :d	:f	m :d	t, :— .t	d :—	—	
't	d' :— .s	l :s:f	m :s	:d' d' :s	f :— .s	m :—	—		
'd:s	d :— .d	d :d	:f	s :s	s, :— .s	d :—	—		
Mba tsy ho ve- ry mai-na, 'Zao fi- vo- ria- nai- zao.

2

3

m/ Ry Jeso ô ! hamasino

Ny toé-piainanay ;

Ka dia ampidino

Ny hery ho anay.

p Ny bitsika mangina

Ataovinao izao,

n/ Hamelom-paniriana,

Hanao ny sitrakao.

f Ry Jeso ô ! monena,

Midira Hianao ;

Ny fonay manantena

Handray anao izao ;

Ka izay misalasala

Ampaherezonao,

Dia taomy hahalala

Ny fitiavano.

pp Ny hatakay mangina,

Henoy ka mba valio ;

Koa dia mitenena

Hianao ankehitrio.

ff Ry Jeso mpanazava

Ny dianay aty

Omâny lalandava

Ny fonay ho ary.

Rakotondranisa.

## LESONA 29.

### Rythme.—Syncope.

1.- Ny *Rythme* dia toetra manokana ananan' ny feo tafatambatra amin' ny frazin-kira, ka mahatonga ny sofina hahay manavaka ny karazan-kira samihafa arakaraky ny fingadongadon' ny feo, na arakaraky ny fandehany sy fiantefatefany.

2. Ao amin' ny Natiora dia mahita ohatra sasantsasany mampiseho *rythme* isika, toy ny fikatroy ny tongon-tsoavalny miriotra, na ny fanenon' ny vorona sasany toy ny kankafotra.

Amin' ny asan-tanan' olombelona dia abitantsika *rythme* hafa koa, toy ny pipikan' ny famantaranandro.


3. Maro samihafa ny *rythme* amin' ny mozika na hira. Ny *rythme* amin' ny hira fandihizana dia mera-hain' ny sofina avahana indrindra: ny *rythme* amin' ny *polka* dia hafa nobo ny amin' ny *valse*; hafa koa indray ny *rythme* amin' ny *one-step* sy amin' ny *tango*; ao koa ny *rythme* amin' ny *hira famindrana*; ary ao izay antsointsika hoe *ba gasy*, dia ilay *rythme* manokana ananan' ny hira malagasy sasany.

4. Misy *rythme* anankiroa anefa amin' ny mozika izay hita tafatsofoka matetika amin' ny karazan-kira samihafa dia ireto: *Syncope* sy *Contre-temps*. Nobô iziny dia hohazavantsika manokana ireo, ka ny *Syncope* no ho lazaina amin' ity Lesona ity, fa ny *Contre-temps* amin' ny lesona manaraka.

5. Ny atao hoe *Syncope*, dia noty atomboka amin' ny *temps malemy* ary alavaina haharitra amin' ny *temps may* eo aoriany.

Ohatra, meziora misy *temps roa* :



Dô dia G.



Ieo noty telo misy accent > eo amboniny dia *syncope*.

### Fampiasana 134. Meziora misy temps roa.


Dô dia D.



W.R. (1962) p. 12


### Fampiasana 135. Meziora misy temps telo.

Dô dia C



### Fampiasana 136. Meziora misy temps efatra.


Dô dia A.



6. Atao hoe koa *Syncope* ny noty atomboka amin' ny *an-tsasany faharoa* amin' ny temps anankiray, ary alavaina haharitra amin' ny *an tsasany voalohany* amin' ny temps manaraka.

Ohatra:


Dô dia E.



Ny m sy ny r misy accent no syncope.



### Fampiasana 137.


Dô dia G.



### Fampiasana 138.


Dô dia C.





## Fampiasana 139.

Dô dia A.



## FANONTANIANA.


1. Inona no atao hoe Rythme ?
2. Milazà ohatra momba ny rythme hita ao amin' ny Natiora.
3. Lazao ny anaran' ireo rythme anankiroa izay hita matetika amin' ny karazan-kira samihafa.
4. Lazao ny syncope roa karazana voalaza amin' ity Lesona ity.

## LESONA 30.

Contre-temps.

1. Ny Contre-temps dia noty izay atomboka amin' ny temps malemy, fa tsy mba alavaina amin'ny temps mafy eo aoriany izay atao mangina.

Ohatra :—



Ireo noty efatra ireo dia samy contre-temps.


## Fampiasana 140.

Dô dia F.



## Fampiasana 141.

Dô dia C.




2. Atao hoe koa Contre-temps ny noty izay atomboka amin' ny an-tsasany faharoa amin' ny temps anankiray, ary tsy halavaina amin' ny an-tsasany voalohany izay atao mangina amin' ny temps manaraka.

Ohatra :—




## Fampiasana 142.

Dô dia C.



*Fampiasana* 143.

Dô dia Eb





3. Ny mahasamihafa ny *Syncope* sy ny *contre-temps* dia izao:— Ny *Syncope* dia noty alavaina amin' ny *tempo mafy* na amin' ny *ila-temps mafy* ao aoriany; fa ny *contre-temps* kosa tsy mba alavaina.

Raha lazaina an-kapobeny dia izao; Ny *Syncope* dia noty *lavalava ihany*, fa ny *contre-temps* noty *fokifohy ihany* kosa.

4. Ny *contre-temps* dia ampriasina matetika ho *accompagnement*-n' ny *mélodie*, izany hoe: atao feo manaraka ny tena feon-kira.

*Fampiasana* 144.

Dô dia C.

1 Mélodie na ny  
tena feon-kira2 Accompagnement  
na feo manaraka

## FANONTANIANA.







1. Inona avy no atao hoe *contre-temps* roa karazana voalaza amin' ity lesona ity?

2. Inona no maha-samihafa ny *syncope* sy ny *contre-temps*?

3. Inona no ampriasana matetika ny *contre-temps*?

*Fampiasana* 145.

Hira anankiray, ka ny beso, seo fahefatra, no manao ny *mélodie*, ary ny sisa rehetra manao *accompagnement* misy *contre-temps*.

Dô dia F. *Andante*.

## LESONA 31.

Famantarana ampiasaina amin' ny solfa.

D.C.

Fanafohezana ny teny italiana hoe *Da capo*, filazana fa rehefa tonga eo dia miverina amin' ny voalohany.

**S**

Fanafohezana ny teny italiana hoe *Segno*, marika mandrono ny toerana hiverenana.

D.S.

Italiana *Dal Segno*. Rehefa mahita hoe D. S. dia miverina amin' ny **S**.

**A na V**

*Accent* apetraka eo ambonin'ny noty anankiray, milaza fa tokony hatao mafy noho ny noty hafa io.

&gt;

*Accent* apetraka eo ambonin'ny noty anankiray, milaza fa tokony hatomboka mafy ny fihira ilay noty nefo ale-mena miandalana.

==

Milaza fa tokony hatomboka malemy ny noty iray na maro izay asiana azy, ary amafisina miandalana ny fihira azy.

==

Valin' ny eo aloha ; atomboka mafy ny noty asiana azy, ary ale-mena miandalana ny fihira azy.

○

*Point d'orgue*, famantarana apetraka eo ambonin'ny noty anankiray, mba hanalavana ny faharetany arak' izay itiavana azy.



○

*Point d'arrêt*, famantarana sahala amin' ny *point d'orgue* apetraka eo ambonin'ny *Temps mangina*, mba hanalavana ny faharinana arak' izay itiavanana azy.



*Refrain na Chœur*, Filazana ny tapa-kira miverina isan' andininy.

Bis,

Miverina indroa.

Coda,

Filazana ny tapa-kira famaranana azy.

**1<sup>o</sup> na Voalohany**, Filazana apetraka eo amin' ny tapa-kira izay hiraina amin' ny voalohany.

**2<sup>o</sup> na Faharoa**,

Filazana apetraka eo amin' ny tapa-kira izay hiraina amin' ny fanindroany solon' ilay misy marika hoe 1<sup>o</sup> na voalohany.

## Fampiasana 146.

Dò dia C.

1 <sup>o</sup> na Voalohany.				D.C.
m .f :s	:d'	t .l :s	:m	s .l :s :d   r .m :r :—
2 <sup>o</sup> na Faharoa.				<b>S</b>
s .m :d	:f	m .x :d	:—	t .d :x :x   l .f :s :x
r .x :l	:l	s .l :t	:—	d' .x' m' :x'   d' .t :l :—
l .f m	—	d :d	—	<b>D.S.</b>
				<b>Farany.</b>

## FANAZAVANA ny Fampiasana 146 :—

Hiraina hatred amin'ny D. C. dia miverina amin' ny voalohany. Rehefa tonga eo amin' ny 1<sup>o</sup> na Voalohany dia tsy atao intsony ireo meziora roa ireo fa mandingana amin' ny 2<sup>o</sup> na Faharoa eo ambany. Dia tohizana hatramin' ny D. S. ; ka rehefa tonga eo dia miverina amin' ny **S** ary mandroso hatramin' ny **Farany**.

## Fampiasana 147.

Dò dia Eb.

s :—	m :f	s :d'	s :—	d :x	m :s	l :s	r :—	
p						mf		
m :f	s :d'	l :t	d' :—	s :m	f :t	r :—	d :—	
f						f		

## LESONA 32.

Ny fandehan' ny hira : ny fahafainganany na ny fiadanany.

1. Tsy mitovy fandeha ny hira rehetra, ny sasany haingana, ny sasany miadana ; koa dia asiana teny filazana hametra izany.

2. Teny italiana no ampiasain' ny firenena maro momba izany amin' ny mozika. Ireto teny italiana eto ambany ireto dia misesy misanao ambaratonga mriantomboka amin' ny miadana indrindra ary miasara amin' ny haingana indrindra.

Teny italiana.—	Fanafhezana.—	Heviny.
Grave	—	Faran' izay miadana, milalotra.
Largo	—	Milako
Larghetto	—	Malakolako.
Lento	—	Miadana.
Adagio	—	Miadanadana.
Andante	And <sup>te</sup>	Meramora, tsy maika.
Andantino	And <sup>inio</sup>	Milantolanto.
Mcderato	Mod <sup>to</sup>	Antonony.
Allegretto	All <sup>to</sup>	Haingankaingana, marisidrisika.
Allegro	All <sup>o</sup>	Haingana sady marisika.
Presto		Haingana dia haingana.
Prestissimo	Prest <sup>mo</sup>	Faran' izay haingana.

3. Eny an-tenantena hira dia mety hiova indraindray ny fandehany, ka ireto indray no teny ampiasaina amin' izany.

a) Fanafainganana :—

Animato	Mirehidrehitra kokoa.
Accelerando	Mihafaingana.
Piu mosso	Haingana kokoa.
Stretto	Dodona kokoa.

b) Fampiadanana :—

Rallentando	rall	Mihamidadana.
Ritardando	ritard	Mihamalefaka.
Ritenuto	rit	Tano ny fandehany.
Slargando	slarg	Ketraketraho ny fandehany.

4. Rehefa novana ny fandehan' ny hira ka tiana haverina amin' ny fandehany tam'en' ny voalohany dia iray amin' ireto no ampiasaina :—

Tempo  
A tempo      { Miverina amin' ny fandehany tam'in' ny voalohany.  
1<sup>o</sup> tempo     }

5. Tempo di Marcia	Hoatra ny famindrana
Tempo di Valza	Hoatra ny valsa.
Molto	Fatratra, betsaka.
Poco	Kely.
Poco a poco	Tsikelikely, miandalana.
Molto adagio	Miadana fatratra.
Poco a poco mosso	Mihafaingana tsikelikely.
Volta Subito	V.S. Avadiho haingana.
Ad libitum (teny latina)	Arak' izay itiavana azy.

## HIRA FEO EFATRA

" HE ! VOKATRA NY TANY "

Dō dia G Allegretto

*f*

He! vo- ka- tra ny ta- ny, Je- ho- vah To-mpo ô !

:s, f :-s | f :x | m :d | :x | m :-m | r :x | d :— | :s, r :-m | r :t | d :d | :d | d :-d | s, s, :— | :s, s :-s | s :s | s :s | :l | s :-s | f :f | m :— | :s, s, :-s | s, :s, d, m, :f, s, :-s, s, :s, d, :— | Fa be tsy me-ty la-ny Ny ha- so- a- va- nao.

Dō dia D

*mf*

:r:s | s :-s | s :s | s :m | :d | d :-d | t :l | s :— | :t:m | m :-m | r :f | m :d | :d | l :-l | s :f | m :— | :d:d | d :-d | t :r | d :s | d :-d | d :d | d :— | :d:d | d :-d | s :s | d :d | d :-d | d :d | d :— | Ny an- dro fa- ra- ra- no No i- fa- li- a- nay

:s | s :-s | s :s | s :m | :d:r | m :-m | r :x | d :— | :m | m :-m | r :f | m :d | :d | d :-d | t, :t | d :— | :d:d | d :-d | t :r | d :s | d :-d | d :d | d :— | :d:d | d :-d | s :s | d :d | d :-d | d :d | d :— | Vo- tao- na ao an- tra- no Ny vo- ka- tra a- zo- nay

Dō dia G.

<i>f</i>	m :-r   d :t	l :d   s :-	f :-s   m :d	m :x.d   r
<i>f</i>	d :-t   l :s	f :f   m : -	r :-t   d :s	d :t,l :t
<i>r</i>	s :-f   m :d	d :d   d : -	s :-s   s :s	s : -   s
<i>f</i>	d :-s   l :m	f :s,l :t   d : -	t : -s   d :m	s : -   s
	Sao- tra tsa- ra	en- ti- nay	Ho A- nao to	ko- a

*Refrain*

<i>ff</i>	m :-f   s :d	f :s   l :d   r	m :-m   r :r	d : -   -
<i>f</i>	t :d   d :d	d :d   d :d	d :-d   s :s	s : -   -
<i>f</i>	s : -s   s :s	f :m   f :l	s :-s   f :f	m : -   -
<i>f</i>	m :-r   d :ta	l :s   f :f	s : -s   s :s	d : -   -
	Ny o- lo- na re- he- tra i-zao Mi- fa- ly a- vo- koa.			

2

3

*f* Ny tany tsy misaona,  
Fa sambatra tokoa,  
Tsy tapaka isan-taona  
Ny fanomezan-tsaa ;  
*mf* Endre nahazo maina  
Izao rehetre izao ;  
Ny zava-manana aina  
Mifaly aminao.  
*ff* Saotra tsara, etc.

*f* Tontosa izay nirina  
Nahazo izahay,  
Fa misy taona zina  
Nataonao ho anay,  
*mf* Tsy diso isan-taona  
Ny fitahianao,  
Ny olonao mihaona  
Mba hankalaza Anao ;  
*ff* Saotra tsara, etc.

*Rajaonary*

## LESONA 33.

Ny mafy sy ny malemy.

Tsy mitovy lalandava ny fomba fihira ny hira, fa atao mafy na malemy arak'izay mahatsara azy—toy ny fitenenana ihany.

Koa ireto ambany ireto no teny ampasaina amin'izany :

Teny italiana.	Fanafohezana.	Heviny.
Piano Pianissimo	<i>ppp</i>	Faran'izay malemy
Pianissimo	<i>pp</i>	malemy dia malemy
Piano	<i>p</i>	malemy
Mezzopiano	<i>mp</i>	somary malemy na malemilemy
Mezzo forte	<i>mf</i>	somary mafy na mafimafy
Forte	<i>f</i>	mafyl
Fortissimo	<i>ff</i>	mafyl dia mafy
Forte Fortissimo	<i>fff</i>	Faran'izay mafy
Crescendo	<i>cres na</i> —	mihamafy
Diminuendo	<i>dim na</i> —	mihamalemy
Sforzando	<i>s</i> na <i>Rz</i>	Ataovy mafy
Forte Piano	<i>Fp</i>	Mafy ny noty voalohany ary malemy ny manaraka
Piano forte	<i>Pf</i>	Malemy ny noty voalohany ary mafy ny manaraka.

## LALANA ANKAPOBENY.

Raha tsy misy filazana ny *mafyl* sy ny *malemy*, na ny *haingana* sy *ny miadana*, dia izao no fitsipika harahina :

1. Raha miakatra ny fandehan'ny feon'ny noty dia tokony hamafisina miandalandalana.
2. Raha midina kosa dia tokony halemena miandalandalana.
3. Tokony hodinihina anefa ny toetry ny hira, na ny tonony, ka dia ampanaraha izany ny mafy sy ny malemy,
4. Isaky ny hiverina amin'ny frazy voalohany dia tokony hampiada-nina kely ny noty vitsivitsy mitarika hiverina eo.
5. Raha misy *tapa-kira* anankiray na *frazy* anankiray, ka averina indroa, dia tsy tokony hampitovina ny fihira azy :

6. Raha natao malemy ny voalobany, dia hamafisina kosa ny famerenana azy.

7. Raha mafy kosa ny nanaovana ny voalohany, dia tokony halemena ny famerenana azy.

8. Ilay natomboka malemy, ka averina atao mafy, dia toy ny mandetika ao an-tsaina ilay efa re teo aloha.

9. Fa raha mafy kosa no nanombohana azy, ka tiana averina izay feo izay, dia atao malemy izy, ho toy ny akon' ilay efa re.

10. Ny fiafarana, dia indraindray hamafisina na indraindray halemena arak' izay toetrary; na indraindray hafainganina na indraindray ampiadina.

11. Amin' ny hira izay voalaza kosa anefa ny fombafomba rebetra ha-naovana azy, dia aoka harahina tsara.

Efa voalaza amin' ny TORO HEVITRA any aloha ny momba izany, nefainana averina indray sy hamafisina eto mba hahatomombana ny hira.

Febin' izany rebetra izany dia izao : Ny mahatsara ny hira, dia 1<sup>o</sup> Fittandremana. 2<sup>o</sup> Fiezhana. Ka ny saina amam-panahy dia tokony ho indray miasa, mba ho vozeho tsara izay fototra kendrena amin' ny hira, na fifaliana, na alabelo, na toetra hafa tsaroan' izay mihira ka tiana hampihetsika ny mpihaino azy. Tsy zavatra tokony hatao an tandrevaka ny hira, fa raba tsy atao amin' ny fo, dia manjary maivana na dia izay hira tsara indrindra aza.

### SOLFA FEO EFATRA.

Ampiasaina ny famantarana sasantsasany voalaza eo aloha.

Dô dia F. Larghetto

à la Coda

*m f*

<i>m :- .m   f : r</i>	<i>d : m .d   s, : -</i>	<i>l, : d   r : m .f</i>	<i>s : f i   f : -</i>
<i>d : - .d   d : s,</i>	<i>s, : -   m, : -</i>	<i>f, : s,   l, : d</i>	<i>t : d   r : -</i>
<i>s : - .s   l : f</i>	<i>m : -   d : -</i>	<i>d : m   f : l</i>	<i>s : -   s : -</i>
<i>d : - .d   d : d</i>	<i>d : -   d : -</i>	<i>f, : m,   r, : r,</i>	<i>s, : l,   t, : -</i>

*ff*

<i>m :- .m   f : s</i>	<i>l, : -   f : r</i>	<i>d : s, d   r : - .m   d : -   - : -</i>
<i>d : - .d   d : d</i>	<i>d : -   d : l,</i>	<i>s, : s,   s, : - .t,   d : -   - : -</i>
<i>s : - .s   f : m</i>	<i>f : -   l : f</i>	<i>m : d .m   f : - .s   m : -   - : -</i>
<i>d : - .ta   l, : s,</i>	<i>f, : -   f, : f,</i>	<i>s, : s,   s, : - .s,   d : -   - : -</i>

Dô dia C.

*mf*

<i>r s : - .d   d : t</i>	<i>l : s, r   f : m</i>	<i>s : - .d   l, l : t d</i>	<i>r' : -   s : -</i>
<i>t m : - .m   f : f</i>	<i>f : t, t, r : d</i>	<i>m : - .s   f f : f, f</i>	<i>s : m   f : -</i>
<i>s d' : - .d   r' : r'</i>	<i>t : s, s   s : s</i>	<i>d' : - .d   d' d : l, l</i>	<i>t : d'   r' : -</i>
<i>s, d : - .d   s : s</i>	<i>s, : s, s, d : d</i>	<i>d : - .m   f f : r, r</i>	<i>s : -   s : -</i>

1<sup>o</sup> D.S.

*2<sup>o</sup>*

<i>m' : r' : d   s : f</i>	<i>rit.</i>	<i>f</i>	<i>Coda</i>	<i>Dô dia F.</i>
<i>s : f : m   t, r</i>		<i>f'</i>	<i>D C</i>	<i>p</i>
<i>d' : t : d   s : -</i>			<i>m : - .m   f m   f s</i>	<i>d : m   s, t   d : -   - :</i>
<i>s : s, : d   s, : t</i>			<i>d : - .d   d : d</i>	<i>d : -   t, d   d, l   s, : s,   t, s, : -   - :</i>

FANAZAVANA :— Hirao misesy ity Solfa ity mandra-pahatonga eo amin' ny famantarana D.S. dia miverina eo amin' ny misy *g*, ka rehefa tonga eo amin' ny misy 1<sup>o</sup> dia dilganina io meziora iray io, fa ny misy 2<sup>o</sup> no asolo azy.

Rehefa tonga eo amin' ny D. C. dia miverina amin' ny voalohany indrindra, ary rehefa tonga amiu' ny hoe A la Coda dia mandingana mankamin' ny misy ny hoe Coda.

## LESONA 34.

Ny fampiasana ny Diapazô manana ny feon' ny A mba hahazoana ny feon' ny Dô amin' ny hira;

Efa voalaza fa misy Dô 12 samihafa feo, araka ny isan' ireo litera famerana azy. Ka ny hambara amin' ity lesona ity dia izay fomba fanao hahazoana ny feon' ireo Dô samihafa feo ireo, raha ny *Diapazô* manana ny feon' ny A no ampasaina.

Koa dia hasesintsiaka araka ny filaharan' ny litera ny amin' izany.

1. Ny Dô izay A :— Atao d' ny feon' ny Diapason, ary dia ny feon' ny d' ambonin' io t, io no ilay Dô tadiavina.
2. Ny Dô izay B :— Atao t, ny feon' ny Diapason, ary dia ny feon' ny r ambonin' io no ovana ho Dô.
3. Ny Dô izay C :— Atao d ny feon' ny Diapazô dia ny feon' ny r ambonin' io no ovana ho Dô.
4. „ „ „ C :— Atao l ny feon' ny Diapazô, ary dia tohizana hiakatra hatramin' ny d, hiraina ny hoe : l t d.—Ka dia ny feon' io d io no izy.
5. „ „ „ Db :— Atao d ny feon' ny Diapazô, dia mitady ny feon' ny m ambonin' io, mihiro hoe : d r m, ka ny feon' io m io no ovana ho Dô.
6. „ „ „ D :— Atao s ny feon' ny Diapazô, dia mitady ny feon' ny d ambonin' io, mihiro hoe : s m d—Ka dia ny feon' io d io no izy.
7. „ „ „ Eb :— Atao t, ny feon' ny Diapazô dia mihiro hoe : t, r f, ary ovana ho Dô ny feon' io f io.
8. „ „ „ E :— Atao d ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : d s, ka ny feon' io s io no ovana ho Dô.
9. „ „ „ F :— Atao m ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : m r d, ka ny feon' io d io no izy.
10. „ „ „ F# :— Atao s ny Diapazô, dia mihiro hoe : s f m, ary dia ovana ny feon' io m io ho Dô.
11. „ „ „ G :— Atao r ny feon' ny Diapazô, dia ny feon' ny d ambonin' io no izy.
12. „ „ „ Ab :— Atao d ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe d t, ary ovana ho d ny feon' io t io.

## LESONA 35.

Ny fampiasana ny diapazô manana ny feon' ny C hahazoana ny feon' ny Dô amin' ny hira.

1. Ny Dô izay A. Atao d' ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : d' t l, ary ovana ho d ny feon' io I io.
2. „ „ „ Bb. Atao r ny feon' ny Diapazô dia ny d ambanin' io r io no izy.
3. „ „ „ B. Atao d ny feon' ny Diapazô dia mihiro hoe : d t, ary ny feon' io t io no ovana ho Dô.
4. „ „ „ C. Ny feon' ny Diapazô ihany no atao Dô.
5. „ „ „ Db. Atao t ny feon' ny Diapazô, dia ny d' ambonin' io no izy.
6. „ „ „ D. Atao d' aloha ny feon' ny Diapazô dia mihiro hoe : d' r', ary ovana ho d' ny feon' io r io.
7. „ „ „ Eb. Atao l ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : l t d', ka io d io no izy.
8. „ „ „ E. Atao d' ny feon' ny Diapazô dia mihiro hoe : d s m, ary ovana ho d ny feon' io m io.
9. „ „ „ F. Atao s ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : s m d, ary io d io no izy.
10. „ „ „ F#. Atao f ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : f r t, ary ovana ho d ny feon' io t, io.
11. „ „ „ G. Atao f ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : f m r d, ka io d io no izy.
12. „ „ „ Ab. Atao m ny feon' ny Diapazô, dia mihiro hoe : m r d, ka io d io no izy.

Mety hisy fomba hafa noho izay voalaza eto, nefà dia anjaran' ny mpiatarika hira ny mitady izay fomba tsotra indrindra.

NOTA. Ny feon' ny *Diapazô frantsay* ahazoana ny feon' ny LA, izay misanandrihy amin' ny feon' ny litera A, dia nisanarahan' ireo Frantsay ngezalahy amin' ny fahaizana momba ny mozika tamin' ny 1859, fa ho ferana mba tsy hiovaova sy mba hitovy eran' i Frantsa, ka dia natao 870 no isan' ny *fipararetan'* io diapason io isaky ny sekondra iray. (Ny fipararetana antsoina amin' izany dia izay lazaina amin' ny teny frantsay hoe vibration). Ary dia neken' ny fanjakana izany, ka nametrahana anankiray ho marika ao amin' ny Conservatoire de musique.

Ny *Diapason angle* anefa dia ambony kely noho ny *Diapason frantsay*. Izany no tsy hetezan' ny harmonia frantsay, namparanahina ny diapason frantsay, hiaraka amin' ny harmonia angle namparanahina ny diapason angle, raha tendrena miaraka.

Isam-pirenena dia samy mametra ny azy arak' izay tiany.

## LESONA 36.

Anarana omena ny noty valo amin' ny gamme. – Intervalles.

1. Ny noty tsirairay amin' ny Gamme dia samy manana anarana hafa koa iñdray ilazana azy dia ireto : –

Ny Dô na ny noty	<i>voalohany</i>	dia atao hoe :	tonique
„ Re „ „ „	<i>faharoa</i>	„ „ „	sus-tonique
„ Mi „ „ „	<i>fahatelo</i>	„ „ „	médiane
„ Fa „ „ „	<i>fahefatra</i>	„ „ „	sous-dominante
„ Sô „ „ „	<i>fahadimy</i>	„ „ „	dominante
„ La „ „ „	<i>fahenina</i>	„ „ ..	sus-dominante
„ Ti „ „ „	<i>fahafito</i>	„ „ ..	note sensible
„ Do „ „ „	<i>fahavalo</i>	„ „ ..	octave na tonique

2. Ny noty *voalohany* na ny *degré voalohany* dia atao hoe *tonique*, avy amin' ny teny hoe *ton*, satria ny Dô no noty *voalohany amin'* ny *ton tsirairay* avy.

3. Ny noty *fahadimy* na ny *degré fahadimy* dia omena anarana hoe : *dominante* satria izy no feo mahery iñdrindra manaraka ny Dô (*dominant*=mahery, manerinerina).


4. Ny noty *fahatelo* na ny *degré fahatelo*, dia atao hoe *médiane*, satria anelanelan'ny *voalohany* sy ny *fahadimy*—(*médiane anelanelany*).

5. Ny noty *fahafito* na ny *degré fahafito*, dia antsoina hoe : *Note sensible* satria manana firehana hanatoua ny *tonique* izy (*sensible mora miraika, mora mihetsika*).

6. Ny anaran' ny *degré hafa sisá* dia arakaraka ny toerany no naha-zoany anarana. Ny *degré faharoa* atao hoe *sus-tonique*, satria eo ambonin' ny *tonique*. Ny *degré fahefatra* atao hoe *sous dominante*, satria eo ambanin' ny *dominante* (*sus=ambony*; *sous=ambony*). Atao hoe *koatонique* izy io, satria fiandohan' ny gama manaraka eo ambony.

Fampiasana momba ny intervalles.

Dô dia C.



## INTERVALLES.

1. Atao heo *intervalle*, ny elanelana mampisaraka noty roa samihafa, na degré roa.

2. Ny fanisana ny *intervalle*, dia arakaraky ny isan' ny degré ao anelanelan' ny noty roa, ary ny tenan' ireo noty roa ireo anefa dia atao ao anatin' ny isaina koa.

3. Ny anarana ilazana ny *intervalle* dia arakaraky ny isan' ny degré.

4. Ny *intervalle* izay 2 no isan' ny degré ; dia atao hoe : *seconde*. Ohatra : Ny elanelan' ny d sy ny r.

5. Ny *intervalle* izay 3 no isan' ny degré, dia atao hoe : *tierce*. Ohatra : d ka hatramin' ny m

6. Ny *intervalle*, izay 4 no isan' ny degré, dia atao hoe : *quarte*, d ka hatramin' ny f

7. Ny *intervalle*, izay 5 no isan' ny degré, dia atao hoe : *quinte*, d ka hatramin' ny s

8. Ny *intervalle*, izay 6 no isan' ny degré, dia atao hoe : *sixte*, d ka hatramin' ny I.

9. Ny *intervalle*, izay 7 no isan' ny degré, dia atao hoe : *Septième*, d ka hatramin' ny t.

10. Ny *intervalle*, izay 8 no isan' ny degré dia atao hoe : *Octave*. d ka hatramin' ny d.

11. Raha noty roa mitovy, hirain' olona roa, dia tsy misy *intervalle azo isaina*, fa lazaina hoe à l' unisson na noty roa mitovy feo.

Ohatra : d sy d anankiray koa samy mitovy feo.


## LESONA 37.

Accord. Accord Parfait.

1. Raha misy *noty maromaro*, atao indray mihira na ampiarahina, indrindra rehefa hatramin' ny telo no ho miakatra dia *accord* no ilazana azy.

Ohatra :—

Dô dia C.




2. Maro ny *accords* ary samy manana ny anarany sy ny asany avy, nefà tsy izy rehetra no holazaina, satria tsy nokendrena hatao amin' ity boky ity ny filazana ny *accords rehetra*, (fa momba ny fianarana mamoron-kira izany, ka ilana boky mitokana indray), fa *accords roa ihary* ho santiona no hambara dia ireto :—

1. Accord parfait.

2. Accord de Septième de dominante.

3. Raha ny *noty telo*, dia ny *tonique* sy ny *médiante* ary ny *dominante* no ampiarahina, izany hoe ny d, m, s, dia mahavita izay antsoina hoe *accord parfait*, dia feo miaraka tanteraka tsara, mahafa-po ny sofina. Ity ambany ity izany accord izany :—


Dô dia C.



4. Io *accord* io izay atao hoe *accord fototra* dia azo avadika indroa na ovana tarehy indroa, nefà mbola ho *accord parfait* ihany no anarany.


(a). *Fivadihana voalohany*, izany hoe : Ny noty ambany indrindra amin' izy telo afindra toerana ho ambony indrindra, dia tonga toy izao :—

Dô dia C.



(b) *Fivadihana faharoa*: Ny noty ambany indrindra eo indray afindra toerana ho ambony indrindra, dia manjary toy izao :—


Dô dia C.



5. Ny hira rehetra dia tsy maintsy miafara amin' ny *accord parfait*. Raha feo efatra ny hira, dia mety ho roa ny d.

Ohatra :—


Dô dia G.



6. Indraindray misy d telo aza, ary ny s tsy eo nefà mbola ho *accord parfait* ihany.

Ohatra :

Dô dia F.



## LESONA 38.

Accord de Septième de dominante.

1. Raha ny *noty efatra* dia ny *dominante*, ny *note sensible*, ny *sustonique*, ary ny *sous-dominante*, izany hoe ny s, t, r, f, no ampiarahina, dia mahatonga ny accord antsoina hoe : accord de septième de dominante.

2. Atao hoe ; *septième de dominante* ity *accord* ity, satria ny fizay noty ambony indrindra aminy dia *degré fahafito* avy eo amin' ny s, izay *ominante*

Izao izany *accord* izany :—

Dô dia C.

f	:-
r	:-
t	:-
s	:-

3. Azo avadika na ovana endrika intelo io *accord* io, nefo samy mbola ho *accord de septième de dominante* avy ihany avokoa.

Fivadihana voalohany :—

Dô dia C.

s	:-
f	:-
r	:-
t	:-

Fivadihana faharaoa :—

Dô dia C.

t	:-
s	:-
f	:-
r	:-

Fivadihana fahatele :—

Dô dia C.

r	:-
t	:-
s	:-
f	:-

4. Ny accord de Septième de dominante dia mahafinaritra ny sofina koa, saingy tsy afa-po ny sofina raha mahare azy, fa mbola miandry sy manantena *accord hafa hiantombenany*. Koa raha ny *accord parfait* no atao manaraka azy, dia izay vao afa-po ny sofina.

5. Ny mahatonga izany, dia noho ny fisian' ny *noty anankiroa* eo, dia ny f sy ny t. Ny f dia an-tsasa-peo eo ambonin' ny m, ka te-hidina hanatona azy ; ny t dia an-tsasa-peo monja koa no elanelany amin' ny d, ka te biakatra hanatona azy. Ireo noty roa ireo, ny f sy ny t dia omen' ny mpampianatra famorongan kira anarana hoe : *Notes attractives*, izany hoe : noty mitarika, raha adika ara-bakiteny, fa raha raisina amin' ny heviny dia izao : Noty mitarika ny sofina hanantena na hiandry ny noty akaiky azy avy.

Ao amin' ny *Accord de Septième de dominante* dia misy ireo *noty roa* ireo, ka raha hiraina na tendrena amin' ny zava-maneno io *accord* io, dia miaraka amin' izay miandry sy ta-handre ny *noty roa* an-tsasa-peo akaiky azy ny sofina. Ny f mampantanena ny m, ny t mampantanena ny d. Ny m sy ny d anefa dia samy ao amia ny *accord parfait* ka raha tohizana *accord parfait* ny *accord de Septième de dominante*, dia hoatra ny tsarfiantefy sy voatombina tsara ny feo fa tonga ny nandrasana, ka afa-po sy mianina ny sofina.

Indreto misy ohatry ny fitohizan' ireo accords roa ireo :—

Dô dia C.

f	:-	m	:-	s	:-	s	:-	t	:-	d	:-	r	:-	d	:-
r	:-	d	:-	f	:-	m	:-	s	:-	s	:-	t	:-	d	:-
t	:-	d	:-	r	:-	d	:-	f	:-	m	:-	s	:-	s	:-
s	:-	d	:-	t	:-	d	:-	r	:-	d	:-	f	:-	m	:-


## LESONA 39.

Accord parfait mineur.

Accord de Septième de dominante mineur.

1. Ny accord parfait mineur, dia ny fampiarahana ny noty telo, I, d, m.


Ohatra Dô dia C.

 Amin' ny Ton mineur dia ny l no tonique, d, m, dominante, si, note sensible.

2. Azo avadika indroa io accord io.


Fivadihana voalohany.

Dô dia C.



Fivadihana fabaraoa.


Dô dia C.



4. Ny accord de Septième de dominante mineur dia fampiarahana ny noty efatra m si t r. Ny r eo dia degré fahafito avy amin' ny m izay dominante.


Ohatra :

Dô dia C.




5. Azo avadika intelo io accord io :


Fivadihana 1<sup>o</sup>  
Dô dia C



Fivadihana 2<sup>o</sup>  
Dô dia C



Fivadihana 3<sup>o</sup>  
Dô dia C.




6. Ny accord mineur na ny feon-kira mineur, araka ny efa voalaza momba ny gamme mineure, dia manana feo malahelohelo Noho izany dia be ny hira izay nosorontua hampisheoana alahelo no atao mineur.


## HIRA FEO EFATRA (mineur).

« Raha mafy ny manjo. »

Dô dia G2. Adagio.



Raha mafy ny manjo, Raha be ny ho-vitray,



Raha ma-la-he-lo fo. Mihaino-rali....., Je-so ô !

p 2. Endrikay notaefinao,  
Nentinao ny entanay,  
Nitomany Hianao,  
Mihainoa, Jeso ô !

p 4. Mafy ny nanjo Anao  
Nefa tsy mba meloka,  
Helokay no nentinao,  
Mihainoa, Jeso ô !

p 3. Raha ory izahay  
Ka ny fitarainanay  
Tonga eo an-tsotefinao,  
Mihainoa Jeso ô !

p 5. Raha tapitra aminay  
Ny fe-taom-boatendrinao,  
mf Aza mba mandoa anay,  
Mihainoa, Jeso ô !

pp 6. Voahombo Hianao,  
Voatsindron-defona,  
Nandry tao am-pasana,  
Mihainoa Jeso ô !

W. E. Cousins.

## LESONA 40.

Tableau mampiseho ny noty mitovy feo amin' ny TONS 12 samihafa misesy araky ny filahatry ny litera.

Ab	A	Bb	B	C	D <sub>b</sub>	D	E <sub>b</sub>	E	F	F <sup>#</sup>	G
D'	t	ta	l	s <sup>!</sup>	s <sup>!</sup>	f <sup>!</sup>	f <sup>!</sup>	m <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	d <sup>!</sup>
t	ta	l	si	s <sup>!</sup>	f <sup>!</sup>	f <sup>!</sup>	m <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	d <sup>!</sup>	D'
ta	l	si	s	fi <sup>!</sup>	f <sup>!</sup>	m <sup>!</sup>	ri <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	d <sup>!</sup>	D'	t
l	si	s	fi	f <sup>!</sup>	m <sup>!</sup>	ri <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	d <sup>!</sup>	D'	t	ta
si	s	fi	f <sup>!</sup>	m <sup>!</sup>	ri <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	d <sup>!</sup>	D'	t	ta	l
s	fi	f	m	r <sup>!</sup>	r <sup>!</sup>	d <sup>!</sup>	D'	t	ta	l	si
fi	f	m	ri	r <sup>!</sup>	d <sup>!</sup>	D'	t	ta	l	si	s
f	m	ri	r	d <sup>!</sup>	D'	t	ta	l	si	s	fi
m	ri	r	d <sup>!</sup>	D'	t	ta	l	si	s	fi	f
ri	r	d <sup>!</sup>	D'	t	ta	l	si	s	fi	f	m
r	d <sup>!</sup>	D	t	ta	l	si	s	fi	f	m	ri
r	d <sup>!</sup>	D	t <sup>!</sup>	ta	l	s <sup>!</sup>	s	fi	f	m	ri
di	D	t <sup>!</sup>	ta	l	s <sup>!</sup>	s	fi	f	m	ri	
di	D	t <sup>!</sup>	ta	l	si	s	fi	f	m	ri	
D	t <sup>!</sup>	ta	l	si	s	fi	f	m	ri	r	
D	t <sup>!</sup>	ta	l	si	s	fi	f	m	ri	r	di
t <sup>!</sup>	ta	l	si	s	fi	f	m	ri	r	di	
t <sup>!</sup>	ta	l	si	s	fi	f	m	ri	r	di	D
ta	l	si	s	fi	f	m	ri	r	d <sup>!</sup>	D	
ta	l	si	s	fi	f	m	ri	r	d <sup>!</sup>	D	
l <sup>!</sup>	si	s	fi	f	m	ri	r	d <sup>!</sup>	D	t <sup>!</sup>	ta
l <sup>!</sup>	si	s	fi	f	m	ri	r	d <sup>!</sup>	D	t <sup>!</sup>	ta
si	s	fi	f	m	ri	r	d <sup>!</sup>	D	t <sup>!</sup>	ta	l <sup>!</sup>
s <sup>!</sup>	f <sup>!</sup>	f <sup>!</sup>	m <sup>!</sup>	ri	r	d <sup>!</sup>	D	t <sup>!</sup>	ta	l <sup>!</sup>	si

1. Ny noty rehetra mifanitsy miankavanana sy miankavia dia mitovy feo avokoa, na dia samihafa anarana sy milahatra hoatra ny noty amin' ny gama kromatika aza.

2. Ny fision' izany fitoviam-peo izany no ahazoana misindra TON na miova Dô.

Ohatra :—

Dô dia A.

|r :m |f :s |l :s |f :m ||

Raha tiana hovana ho amin' ny Ton D io, dia raisina daholo ny noty rehetra mifanitsy amin' ireo eo amin' ny Ton D ary dia tonga toy izao.

Dô dia E.

|s :l |t :d |r :d |t :l ||

Raha tiana hovana ho amin' ny Ton B indray, dia izay noty mifanitsy amin' ireo eo amin' ny Ton B no alaina, ary dia tonga toy izao kosa:—

Dô dia B.

|d :r |m :f |s :f |m :r ||

3. Io tableau io dia ahazoana hevitra koa amin' ny fitadiavana ny Dô amin' ny hira raha manana diapazô.

HIRA FEO EFATRA.

«IZAHAY TANORA IZAO.»

Dô dia F.

Allegro

:{s,,s|d :d |d :r |m :— |m ,m|m :s|m :d|r :— |—  
:{s,,s|s :s |s :t|d :— |d ,d|d :d|d :d|t,:— |—  
:{s,,s|m :m |m :s|s :— |s ,s|s :s |s :s |s :— |—  
:{s,,s|d :m |s :s|d :— |d ,d|d :m |d :l|s :— |—  
1 l -za-hay ta-no-ra i-zao No mi-vo-no na ha-nao  
f

:{s,,s|d :d |d :r |m :— |s :f ,f|m :d|r :t|d :— |—  
:{s,,s|s :s |s :t|d :— |d ,d,d|d :d|l :s :s :— |—  
:{s,,s|d :m |m :s|s :— |s :l,l|s :m |f :r|m :— |—  
:{s,,s|d :m |s :s|d :— |m ,f ,f |s :l |f :s :d :— |—  
"Zayha mpandro-soa-na tsa-ra To-ny,ta-nin-dra-za-nay ;

Dô dia C.

:{s,f|m :f |s :l |s :d|— :d ,d |l :t,d|m :r |d :— |—  
:{t,m,r|d :r |m :f |m :m|— :r,d |t,d:r|m :f |s :— |—  
:{t,s,s|s :s |d :d |d :d|— :s,s |s :s |s :s |s :d |— |—  
:{s,d,d|d :d |d :d |d :d|— :s,s |s :s |s :s |s :s |d :— |—  
Ny a-di-dy sy an-ja-ra "zay ta-ndri-fy ho z-nay.  
mf

:{s,f|m :f |s :l |s :d|— :d ,d |l :t,d|m :r |d :— |—  
:{m,r|d :r |m :f |m :m|— :s,s |f :f |s :if |m :— |—  
:{s,s:s |d :d |d :s|— :d ,d |d :l |d :t |d :— |—  
:{d,d|d :d |d :d |d :d|— :m,m|r :r |s :s |d :— |—  
Diaho vo-a-ka-ra-ka-ra Sa-dy ho ton-to-sa-nay

Dô dia F. Re/rain.

Izahay tanorâ i Zhao  
No horehare. ha-nao

O! ry Madaga-si-ka-ra!  
Tany tianamanan-

Tai-zan' ny Fi-la-  
Na ana-ra nao tsy

No-sy soan' ny Ma-  
No vea-ra kitra ao am-po.

*ff*

*2 f* Izahay tanora i Zhao  
No mizeaka hanao,  
Hahamasina tokoa  
'Tony fiangonanay,  
*mf* Ka ny asa mahasoa  
Tratry ny fahaizanay  
Hikezahana avokoa  
Sy holavorarinay.  
*Refrain: f* Izahay tanora i Zhao  
No ho reharchanao, etc.

*3 f* Izahay tanora i Zhao  
No milofo hanavao,  
Ka ho sira hampiova  
Ny fanao tsy mendrika,  
*mf* Hanondrotra ny tany  
Mba ho tonga lanitra;  
Ny fiaina-mahambany  
Mba hanjary fongotra.  
*Refrain: /* Izahay tanora i Zhao  
No ho reharchanao, etc.  
Joseph Andrianaivoravelona.

FARAN' NY FIZARANA VOALOHANY.

## FIZARANA FAHAROA.

